Mandre, Manaiky, Mihetsika Eo Amin'Ny Tenin'Andriamanitra

Ankehitriny, ireto horonam-peo ireto, izay avy amin'ity fivoriana ity izao maraina izao, dia tsy amidy, ho an'ny Fiangonana fotsiny izany na ho an'ny olona anankiray, satria eo amin'ny Foto-pampianarana izany. Ary any amin'ireo fivoriana any ivelany any, dia miteraka fifanjevoana izany, satria mahalana no misy roa amintsika no mahita tanteraka tokoa amin'ny maso anankiray, saingy tokony ho iray fo isika, na ahoana na ahoana. Fa ilay izy, isika ato amin'ny tabernakla eto, ireto horonam-peo ireto dia, mahamarika ianareo eo amin'ny . . . Izany dia ho an'ireo sakaiza fotsiny, sy ny sisa.

2 Ankehitriny dia ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny ho an'ny vavaka. Firy no te-hotsarovana raha manondrika ny lohanareo ianareo? Amin'ny alàlan'ny tànana mitsangana fotsiny, manao hoe, "Tompo, izaho dia—manana ilaina aho androany, ary mila ny Fahasoavanao aho," na ho an'ny inona na inona ilay izy.

3 Ry Rainay any An-danitra, manatona Ny Seza fiandrianan'ny famindramponao izahay ankehitriny, satria nangatahana hanao an'izany izahay. Ary notenenina taminay tamin'ny alàlan'Ny Zanakao, sy Mpamonjinay, fa raha hangataka zavatra Aminao amin'Ny Anarany izahay, dia ho ekena izany. Noho izany, Tompo, eo am-pahafantarana fa miaina ao amin'ireo aloky Ny Fihaviany izahay, ary mitsangana ankehitriny ao amin'ireo aloky ny Famindrampony, noho izany dia hangataka izahay, Tompo, mba Hifidiananao, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, an'ireo zavatra izay tokony hangatahanay. Ary mahatsapa izahay izao maraina izao, fa tsy hifanohitra amin'Ny Teninao na amin'ny Fahamarinanao lehibe, ary ny Famindrampo sy ny fahasoavanao, raha hangataka izahay mba hanananay famangiana manokana iray androany avy amin'ny Fanahy Masina. Mba Ahafahany ho tonga eto afovoanay ka hamantatra an'ireo fisainan'ny fonay, hanambara aminay an'ireo toeran'ny fahalemenay, sy hanasitrana ny aretinay, sy hamehy ny fo maratra, sy hamonjy ny very, ary hanao vahoaka iray ho vonona ho an'Ny Fihaviany. Tompo, henoy izao vavaka izao.

4 Ankehitriny dia hamaky Ny Teninao izahay. Ka—ka mivavaka izahay, Tompo, mba eo amin'ny leson'ny sekoly

Alahadinay izao maraina izao, mba Hitondranao ny foto-kevitry ny famakiana ka hanambara an'Izany amin'ny fonay. Satria, tonga eto izahay ho an'ny tanjona anankiray. Izany tanjona izany, tokana, dia ny hahafantatra Anao tsaratsara kokoa. Izahay izay Kristiana, amin'ny Finoana, dia te-hahafantatra Anao tsaratsara kokoa. Ireo izay tsy mbola lasa Kristiana, dia te-hahafantatra Anao ho Mpamonjiny. Ireo izay marary, dia te-hahafantatra Anao ho Mpanasitrany. Ary mivavaka izahay mba tsy hisy anankiray hiala amin'ity tranobe ity, foana, fa enga anie ny fangatahana tsirairay ho tanteraka ara-bakiteny, sy ny faniriana tsirairay ho afa-po, ary ny tsirairay—ny olona tsirairay ho sambatra, ka handeha avy eto amin'ny tranobe, hilaza, tahaka an'ireo avy any Emaosy hoe, "Tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny fontsika, raha niresaka tamintsika teny an-dàlana Izy?" Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

5 Ankehitriny ho anareo izay te-hamadika ao amin'ny Bokinareo. Mazàna, dia hitako, fa ao amin'ireo fivoriana ara-pilazantsara, izay eo amin'ny roapolo na telopolo minitra fotsiny no manome fiantraikany tsara indrindra ho an'ny hafatra ara-panahy iray nomena, ary avy eo dia antso eny amin'ny alitara iray. Fa satria ity dia sekoly Alahady, ka tsy tiako fotsiny ny hanao azy tahaka an'izany izao maraina izao. Mahatsapa ho voatarika kokoa aho haka ny fotoako sy hiresaka mikasika ny Teny.

6 Ankehitriny, raha tsy mahazo aina ny olona iray, mangatsiaka loatra, ny zavatra tokana tokony hataonareo dia...Ny rahalahiko, ilay mpiambina, dia ery aorian'ny fiangonana ery, atsangano fotsiny ny tànanareo tahaka an'*izao* ery aoriana ery, mankany aminy, dia izy no handrindra an'ilay hafanana. Ary tianay ianareo hahazo aina sy hahatsapa ho tena tsara. Ary henoy ny Teny, satria matoky ny Fanahy Masina isika hampianatra antsika ny Tenin'Andriamanitra. Ary afaka mandre tsara ve ianareo rehetra, any aoriana? Raha afaka ianareo, dia atsangano ny tànanareo, raha ianareo—afaka mandre tsara ianareo. Tsara izany.

7 Ankehitriny dia tiako ianareo hamadika miaraka amiko, manana lahateny sasantsasany aho voasoratra eto, ary Soratra sasantsasany. Noho izany dia tiako ianareo hamadika miaraka amiko, voalohany, ao amin'ny Bokin'ny Romana, Romana, ny toko faha-9. Ary tiantsika ny hamaky ho an'ny leson'ny Soratra iray, voalohany, ao amin'ny Romana 9:11.

> *(Fa raha tsy mbola teraka ireo zaza, sady tsy mbola nanao tsara na ratsy, mba hitoeran'ny fikasan'Andriamanitra araka ny fifidianana, tsy avy amin'ny asa, fa avy amin'izay miantso;)*

Izao no nolazaina taminy hoe, Ny zokiny hanompo ny zandriny.

Araka ny voasoratra hoe, Jakoba no tiako, fa *Esao no halako.*

8 Enga anie Andriamanitra hanampy ny Fitahiany amin'izany famakiana ny Soratra izany. Ary ankehitriny ho an'ny lahateny iray, mba hanohanana ny lesoko, dia tiako ny handray an'ity ho an'ny lahateny iray hoe: *Mandre, Manaiky, Mihetsika Eo Amin'Ny Tenin'Andriamanitra.* Afaka mamerina an'izany indray aho. "Mandre, sy manaiky, ary avy eo dia mihetsika eo amin'ny Tenin'Andriamanitra."

9 Ankehitriny, dia mahafantatra tanteraka mihitsy isika, isika olona izay mikaroka ny Soratra andro aman'alina, ary mamaky an'ireo gazetintsika ka mandre an'ireo mpilaza vaovao, fa ity izao tontolo izao ity dia mitsangana ao amin'ny fangejan'ny hery ara-panahy roa lehibe ankehitriny. Ary izy roa ireo dia hery ara-pivavahana. Ary mino aho fa ireo hery lehibe ireo dia ho tonga tsy ho ela eo amin'ny loha iray. Ary ireo hery roa ireo dia voaseho tao amin'ireto zanakalahy roa an'i Isaka ireto. Ahoana fa Andriamanitra, tao amin'ny Fahendreny tsy manam-petra, dia nanao aloka mialoha ny zavatra rehetra ho antsika; mba ahafahantsika mahafantatra amin'ny alàlan'ireo zavatra ireo, amin'ny antoka, izay mipetraka eo anoloantsika. Nanao azy tena mazava, ka Andriamanitra sy Ny Teniny, ary ny natiora sy ny Tontolony, dia tena voalamina miaraka tanteraka tokoa, ka na dia ny—ny mpanota aza dia afaka mahita zavatra izay vonona ny hiseho. Andriamanitra no tena nandamina an'izany. Tsy misy olona manana fialan-tsiny.

10 Ankehitriny, hitantsika ao amin'ireto zanakalahy roa ireto fa rehefa izy ireo, talohan'ny hany nahaterahan'izy ireo, dia niady izy ireo. Na dia ny renin'izy ireo virijiny aza . . . Satria, virijiny iray izy, ilay Rebeka tsara tarehy izay nanambady an'ilay taranaka marina an'ny teny fikasan'Andriamanitra, Isaka; ka izy ireo dia mpino roa an'Andriamanitra nanoka-tena, feno ny Fanahy, voatendry mialoha ho amin'ilay tena fanambadiana izay nampiray azy ireo niaraka. Efa fantatr'Andriamanitra mialoha izany. Ary ahoana no nahafahan'ny zavatra iray tahaka an'izany ho tonga tamin'ny alàlan'io reny anankiray io, tamin'ny alàlan'ny ray anankiray? Ny anankiray, olona tena ratsy mihitsy; ary ny iray hafa, olona tena tsara mihitsy; ary ahoana fa ilay olona tsara no toa ratsy, ary ilay ratsy no toa tsara.

11 Ankehitriny izany no, efa izany foana, ho izany foana ny fandaharan'Andriamanitra. Tsy afaka manova ny Fandaharany Andriamanitra. Satria, manao ny Fandaharany tanteraka Izy, satria Ampahany izany.

12 Tao amin'ny sahan'i Edena, dia tena tsara tarehy ny fahotana hany ka nahasintona an'i Eva avy tao amin'ny fahamarinana

izany, nankany amin'ny fahotana. Ary tao amin'ilay saha iray ihany izay nisy hazon'Aina iray, dia nisy hazon'ny fahafatesana iray ihany koa.

13 Fantatsika izany amin'izao andro izao hoe ny lalàn'ny fifanoherana. Hoe, eo amin'izay misy ny tsara, no misy ny ratsy; eo amin'izay misy ny marina, no misy ny diso. Ary isika dia tsy mihitsy, tsy mampaninona izay mety ho tontolo iainantsika, ho afaka hanala ny tenantsika amin'ny fanatrehan'ny anankiray. Satria, hoy i Paoly hoe, "Raha te-hanao ny tsara aho, dia eo ny ratsy." Ilay mpanota tsy ho afaka hanala an'ilay Kristiana mihitsy, ilay Kristiana tsy afaka amin'ilay mpanota. Hisy vavolombelon'ny tsara eo, ary vavolombelon'ny ratsy, isan'andro. Ary ataovy ny safidinareo. Tsy maintsy maka an'ilay andaniny anankiray ianareo na ilay hafa.

14 Fa eo amin'ireto zanakalahy roa ireto, dia hafahafa ny mahafantatra fa, talohan'ny nahaterahan'izy ireo, izy roa dia ilay taranaka iray ihany, avy tamin'i Isaka, izay ny teny fikasana. Ankehitriny, lava kely ny lesontsika, ary tiako ny hanana fototra ampy mba ahafahanareo hahita marina tokoa an'izay resahako. Ary ilay zanakalahy voalohany, Esao, izay teraka; hitantsika fa tsy hoe nifamaly sy niady fotsiny ihany izy ireo tao an-kibon'ny reniny, fa nivoaka avy tao aminy izy ireo, niady, nivoaka i Esao, ka nihazona azy tamin'ny voditongony i Jakoba. Ary mbola miady foana izy ireo.

15 Ary ahoana fa, ahoana no nahafahan'izany ho tonga avy tamin'ny ray na reny tanteraka, madio, voafidy, masina, nanokatena! Noho izany mba hanaovana fototra an'izany, hoe, miantso amin'ny alàlan'ny fifidianana Andriamanitra. Tsy maintsy izany ilay izy. Tsy mampaninona na tsara toy ny ahoana aza ny rainareo sy ny reninareo, mahafinaritra toy ny ahoana izy ireo, Kristiana toy ny ahoana ny rainareo sy ny reninareo, mipetraka eo aminareo amin'ny maha-isam-batan'olona iray foana izany, ny toeranareo eo anatrehan'Andriamanitra. Ity lesona ity dia mampianatra fa, fa izy ireo, ireo zanaka roa, nisy mihitsy aza izy ireo tamin'ny alàlan'ny voafidy sy nantsoin'Andriamanitra, ray sy reny, vehivavy virijiny iray sy lehilahy masina iray, izay nidina tamin'ny farany mba ho amin'ny alàlan'ny taranany mihitsy aza no nahatongavan'i Jesosy Kristy. Teraka toy ny anankiray avy tamin'ny maty izy. Nozahan-toetra izy, ny rainy talohany. Ary nampanantenaina izy, fa amin'ny alàlan'io taranak'Isaka io, no hovonjena izao tontolo rehetra izao. Ary avy amin'ny lehilahy iray tahaka an'izany, sy ny ràny tena madio ka tsy navelan'Andriamanitra hikasika an'ilay reny akory aza ilay Filistina, rehefa avy nanolotra azy ho azy i Abrahama. Nanisy loza ny ankohonany Andriamanitra, ka nanao hoe, "Tahaka ny anankiray maty mihitsy ianao," nitahiry an'io fikoriandrà io hadio. Ary io Rebeka io, reny marina iray, masina, nirahin'Andriamanitra ary nantsoin'Andriamanitra. Nefa avy

tamin'io taranaka masina io no nivoahan'ny jiolahimboto iray sy mpino iray. Hitanareo? Noho izany dia mipetraka ao amin'ny antson'Andriamanitra ilay izy, fifidianan'Andriamanitra.

16 "Ary talohan'ny nahaterahan'ny anankiray mihitsy aza, dia hoy Andriamanitra hoe, 'Tiako i Jakoba ary halako i Esao,' talohan'ny nahaterahan'ny anankiray mihitsy." Noho izany dia ahoana no tokony ho tsapantsika. Olona iray izay manana an'Andriamanitra no miteny aminareo ka manasa anareo mba hanatona ny Latabany sy ho any amin'Ny Tranony, ary ho Zanakalahy na zanakavaviny, tsy misy na inona na inona tena lehibe noho izany.

17 Ireto zazalahy roa ireto, raha hanamarika ny natiorany isika, ny iray amin'izy ireo dia lehilahy ara-panahy iray, i Jakoba izany. Ary ilay lehilahy ara-nofo dia i Esao. Fa samy mpivavaka izy roa. Ary ilay zavatra iray ihany no niseho nanerana ny taona rehetra, ilay ara-nofo sy ilay ara-panahy.

18 Esao no naneho ny olon'ny tany, ara-boajanahary, fironana ara-pivavahana, saingy tsy afaka mihitsy. Tsy tao anatiny ny hanao an'izany. Tsy afaka nanao an'izany izy. Tsy tao aminy mihitsy ny ho afaka handingana hihoatra an'ireo zavatr'izao tontolo izao, ilay zavatra ara-nofo.

19 Fa, Jakoba, tena mora ho azy fotsiny ny nanao an'izany. Ankehitriny, Jakoba, tanjona anankiray no nananan'i Jakoba, ary izany dia hoe naniry fatratra an'io fizokiana io izy, tsy mampaninona na ahoana no ahazoany an'izany, tena azony mihitsy ilay izy.

20 Ary io fanahin'io fahaterahana anankiray io dia mbola voaseho eto amin'izao tontolo izao foana androany, ary tonga eo amin'ny loha iray izany ankehitriny: ilay mpino ara-panahy; sy ilay olona ara-nofo, mpino ara-nofo. Tsy misy olona afaka milaza fa tsy mpivavaka izy roa ireo. Mpivavaka izy ireo. Tsy nilaza izy ireo hoe ny anankiray dia nanompo "sampy" ary ilay anankiray hafa "Andriamanitra." Samy mpanompon'Andriamanitra izy roa.

21 Ankehitriny, mitandrema tsara eo amin'ny Soratra ankehitriny eo amin'ity lohahevitra ity, satria azoko antoka fa hanampy anareo izany. Hitanareo? Ankehitriny, "'Tsy izay rehetra manao hoe, 'Tompo, Tompo' no hiditra, fa izay manao ny sitrapon'Ny Raiko izay any An-danitra."

22 Ankehitriny raha mahamarika ianareo, nanana zavatra anankiray izay nilainy i Jakoba, satria, araka ny Teny, ireo fitahiana sy ny—ny zavatra tsara dia mitoetra ao amin'ny fizokiana. Ary, Jakoba, izany ihany no tanjony tokana, ny zavatra tokana izay nananany tao an-tsainy dia "mahazo an'io fizokiana io." Fa Esao dia nanamavo an'izany. Ilay anankiray izay nanana azy tokoa, dia nanamavo azy, na menatra an'izany

izy. Fa Jakoba dia nila an'izany tsy mampaninona na ahoana no ahazoany azy, nila an'izany izy.

23 Tahaka an'izany ilay mpino ara-panahy amin'izao andro izao. Tsy ahoany na impiry ianareo no mihomehy azy, impiry ianareo no maneso, mampihomehy toy ny ahoana no tsy maintsy hihetsehany ho an'ilay fisainana ara-nofo. Ny tanjony tokana dia ilay fizokiana. Te-hanatona an'Andriamanitra izy, satria teraka tao aminy izany. Tsy misy azony atao amin'izany.

24 *Jakoba* dia midika hoe "mpamingana" na "mpamitaka." Fa rehefa avy nahita ka nahazo an'ilay fizokiana, dia novaina izy. Ilay ara-nofo izany, niova. Nantsoina izy tamin'izany hoe, Jakoba, "andriana iray miaraka amin'ny Tompo," izay nifampitolona Taminy.

25 Ilay mpino ara-nofo amin'izao andro izao, "Oh, raha mbola mandeha any am-piangonana foana aho ka manao izay tsara, dia inona no fahasamihafana ataon'izany?" Izany ilay vondron'i Esao. Mbola maneso sy manamavo an'ilay fizokiana foana izy, Izy tsy miraharaha an'izany. Fa Jakoba tia an'izany.

26 Ary ilay lehilahy ara-panahy amin'izao andro izao, sy ilay vehivavy ara-panahy, izay voafidy, voafidin'Andriamanitra mialoha ho tonga eo amin'ny Fiainana Mandrakizay, raha tsy maintsy hivarotra ny zavatra rehetra izay ananany izy ireo, raha tsy maintsy hanaisotra ny anarany ao amin'ny bokim-piangonana tsirairay ao amin'ny firenena izy ireo, dia mbola mila an'io fizokiana io foana izy ireo. Izany no zavatra tokana izay misy antony amin'izy ireo, "mahazo an'io fizokiana io fotsiny," izay ihany. Tsy mampaninona na ahoana na ahoana, inona no haavo tsy maintsy ho tratrarin'izy ireo, raha tsy maintsy handohalika eo amin'ny alitara izy ireo ka hiantsoantso, hihorakoraka, raha tsy maintsy hihazakazaka izy ireo manerana an'ireo—ireo—ireo toerana ka hiverina ary hanitsy an'ireo zavatra, sy hivarotra an'izay ananany, na—na hizara ny zavatra rehetra izay ananany ka ho lasa mpivahiny sy vahiny iray, dia tsy mampaninona izany. Mila an'ilay fizokiana izy ireo. Izay ihany no mahaliana azy ireo, ny fizokiana. Ankehitriny, aza manome tsiny an'ireo olona ireo. Tsy misy azony atao amin'izany. Voafidy mialoha ho amin'izany izy ireo, voafidy ho amin'izany.

27 Ary noho izany dia hitantsika fa ireo olona roa, ara-nofo sy ara-panahy ireo, dia tahaka an'izany foana no nitrangany. Tahaka an'izany ilay izy amin'izao andro izao. Efa tahaka an'izany foana ilay izy.

28 Kaina sy Abela. Tao amin'ny sahan'i Edena, rehefa noforonina i Edena, dia nisy hazo roa nanaovan'ny olona ny safidiny. Ny anankiray, lasa fahendrena izy; ilay hafa, lasa Fiainana izy. Nisy zazalahy roa, Kaina sy Abela, samy mpivavaka izy roa. Ny iray tamin'izy ireo dia naniry Fiainana Mandrakizay, ary izy no nanolotra ho an'Andriamanitra,

tamin'ny finoana, ny fanatitra tsara lavitra noho i Kaina. Tandindona iray tanteraka an'ireo fiangonana amin'izao andro izao: ilay fiangonana ara-boajanahary, fiangonana ara-panahy. Ary tsy isalasalana fa miresaka amin'ireo kilasy roa mihitsy aho izao ankehitriny izao, ary angamba amin'ny alàlan'ny horonampeo dia hiresaka amin'ny an'aliny amin'izy ireo.

29 Fa, jereo, ilay fiangonana ara-boajanahary, ilay fiangonana ara-nofo fotsiny izany. Tsy afaka hihoatra any ambonin'io zavatra kely io mihitsy izy ireo hoe "Nikambana tamin'ny fiangonana aho. Raha mandeha any am-piangonana aho, raha manao ny tsara indrindra izay vitako aho, dia izay ihany no takian'Andriamanitra." Ankehitriny, izany ilay zavatra iray ihany izay nataon'i Kaina. Nandeha izy ary nanamboatra alitara iray. Nanao fanatitra iray izy, nitondra an'ireo voankazon'ny tany. Dia hoy izy hoe, "Ity ilay izy, Andriamanitra. Izao no tsara indrindra ananako. Raiso izany na avelao." Tahaka an'izany no inoan'ilay mpino ara-nofo amin'izao andro izao. "Tompo, handeha any am-piangonana aho. Hikambana amin'ny vondrona tsara indrindra izay mety hitako aho. Handoa an'ireo adidiko amin'ny fiangonana aho. Hanao an'izay tsara aho. Ankehitriny, ity no tsara indrindra izay azoko atao. Hanampy hividy saribao vitsivitsy ho an'ilay mpitondratena aho. Na, hanome fitafiana vitsivitsy ho an'ireo ankizy aho." Mety tsara ireo, tsy misy na inona na inona ho lazaina manohitra an'izany. "Fa izay ilay izy, izay ihany. Raha Ilainao izany, dia raiso; raha tsy Ilainao, dia tsy voatery handray azy Ianao." Ankehitriny, izany no toetran'ilay fiangonana ara-nofo amin'izao andro izao.

30 Fa ilay fiangonana ara-panahy! Abela, nohon'ny fanambarana, nohon'ny fahasoavana, dia nahita tany ankoatran'izany izy, ary tamin'ny finoana no nanolorany ho an'Andriamanitra ny fanatitra tsara kokoa noho i Kaina. Ary izany no nanambara ny fahamarinany, Andriamanitra.

31 Ilay zavatra iray ihany no niseho tamin'i Isimaela sy Isaka. Ny anankiray dia avy tamin'ny nofo, ary ilay anankiray hafa dia avy tamin'ny Fanahy. Ny anankiray, avy tamin'ny vehivavy andevo; ny anankiray, avy tamin'ny vehivavy afaka.

32 Nitranga ilay zavatra iray ihany tamin'i Isiraely sy Moaba, tonga niaraka ireo fiangonana lehibe roa. Ary rehefa te-handeha hankany amin'ny toerany nampanantenaina i Isiraely, fiangonana ara-panahy, olon'i Jakoba, Isiraely teo amin'ny làlana; dia nifanena tamin'izy ireo ny olon'i Esao, Moaba, fiangonana mahery. Ary ilay mpitarika lehibe an'ilay fiangonana, Balama, dia nidina mba hanozona ny rahalahiny, saingy hitany fa tsy afaka nanozona ny rahalahiny izy. Diso izy, niaraka tamin'ny fahajamban'ny masony, tamin'ny fahitana an'ilay drafitra voafidy mialoha, izany, sy tamin'ny fahitana ny Tenin'Andriamanitra.

33 Voalohany, "Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana, fandrenesana ny Tenin'Andriamanitra." Avy eo ilay mpino dia mandre an'Izany, manaiky an'Izany, ary mihetsika eo amin'Izany. Ilay olona ara-nofo dia handre an'Izany, ny feon'Izany, saingy tsy mihitsy . . . *Mandre* dia midika hoe "mahazo" an'Izany. Mijery, izany dia mijery zavatra iray; fa ny *mahita* an'izany, dia "mahazo" an'izany. "Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy afaka mahita na mahazo ny Fanjakan'Andriamanitra izy."

34 Ankehitriny, indro tonga Isiraely, niakatra niaraka tamin'ny fampanantenan'Andriamanitra, hoe nandroso nankany amin'ilay tany nampanantenaina izy ireo. Tsy ireo tsi-mahatoky, fa ireo mpino, ireo mpino an'ilay Andriamanitra iray ihany izay nananan'i Isiraely, nivoaka mba hiezaka hanozona ny rahalahiny, satria izy no nilaza fa ny rahalahiny, azo antoka tokoa fa tsy marina satria nanao zavatra marobe izay ratsy izy. Saingy, hitanareo, diso tamin'ny fahitana an'ilay fifidianana izy.

35 Zavatra mitovy ny amin'i Esao sy Jakoba! Toy ny hoe Esao no lehilahy iray tsaratsara kokoa. Nilamina izy ary nanao an'ireo asa soa. Izy—nikarakara ny dadany antitra jamba izy, nitondra haza ho azy sy nikarakara azy, ary zazalahy tsara iray. Maro ireo zavatra izay ataon'ireo mpino ara-nofo ao amin'ny fitsipiky ny fivavahana, fikambanana manampy, sy—sy mandoa ny faktioran'ny hopitaly ho an'ny olona, ireo zavatra ara-pivavahana, fa tsy izany no resahako.

36 Tsara i Moaba, firenena malaza iray, rahalahy aminy. Ary nanao ny zavatra rehetra i Jakoba, efa jiolahimboto iray izy; kanefa nanana zavatra anankiray ho tanterahina izy, izany dia ny mahazo an'io teny fikasana io, io fizokiana io. Indro tonga i Isiraely, zanak'i Jakoba, niaraka tamin'ilay tanjona iray ihany. Ankehitriny dia iza no ho marina?

37 Nanorina alitara fito i Balama; nisy alitara fito tao Isiraely. Nanolotra fanatitra fito avy tamin'ny biby madio i Balama; nanolotra fanatitra fito avy tamin'ny biby madio i Isiraely. Eo, raha hatreo ihany no raisin'izy ireo ho fomba fivavahana, dia mpivavaka tahaka an'i Isiraely mihitsy i Moaba, mpivavaka tahaka an'i Jakoba mihitsy i Esao, ary mpivavaka tahaka an'i Abela mihitsy i Kaina. Fa, ilay fifidianana no mihazona.

38 Jamba toy ny ahoana! Jamba toy ny ahoana ireo zanak'i Esao, fiteny ara-panahy, ireo Moabita, nijery teo amin'i Isiraely ka nanao hoe, "Jereo izy ireo. Tsy anaram-piangonana iray izy ireo. Andiana jiolahimboto izy ireo. Mipetraka ao anaty tranolay izy ireo. Fa isika dia firenena malaza iray. Nanao ratsy izy ireo. Ary tsy manana rafi-pandaminana izy ireo eo anivon'izy ireo. Mirenireny fotsiny izy ireo, manaraka mpaminany iray." Saingy diso tamin'ny fahitana an'ilay Menarana Varahina sy ilay Vatolampy nokapohina izy izay nandeha teo alohan'izy ireo.

Diso tamin'ny fahitana an'ilay vondrona nantsoina hivoaka, voafidy izy izay nanaraka an'ilay lamin'Andriamanitra Masina hankany amin'ilay tany nampanantenaina.

39 Tahaka an'izany ilay izy amin'izao andro izao. Hoy izy ireo hoe, "Andiana holy-rollers iray izany. Andian'olona iray izany izay *ity, itsy,* na ny *hafa.*" Fa diso tamin'ny fahitana izy ireo hoe izany dia nanaraka ny fitarihan'ny Tenin'Andriamanitra.

40 Teo amin'ny làlany nankany amin'ilay tany nampanantenaina Isiraely. Andriamanitra, ao amin'Ny Teniny, dia nanao teny fikasana iray.

41 Jakoba, ny antony nifidianany hahita an'io fizokiana io, tsy mampaninona, tiany ho azo izany, satria dia fantany fa io fizokiana io no nihazona an'ireo fitahiana. Nihazona aina izany. Tsy nahoany hoe ahoana no ahatongavan'izany, azony fotsiny izany. Izany ilay zava-dehibe. Drafitra inona no ahatongavany, tsy nampaninona izany. Nilainy izany. Ary tsy maintsy azony izany. Dia azony izany. "Sambatra ireo noana sy mangetaheta ny fahamarinana, izy ireo no hovokisana." Teny amin'ny làlany izy, ary nanaraka an'izany, ka nahazo an'izany izy.

42 Teny amin'ny làlany nankany amin'ilay tany nampanantenaina i Isiraely. Tsy mampaninona na Moabita sy ozona firy no noezahan'izy ireo napetraka teo amin'izy ireo, nandeha avy hatrany nankany amin'ilay tany nampanantenaina izy ireo.

43 Ary amin'izao andro izao ianareo dia tsy mihitsy . . . tsy mampaninona na lalàna firy no ananan'izy ireo, fitsarana firy, fanenjehana firy, zavatra ratsy firy no lazain'izy ireo, impiry izy ireo no miantso hoe "holy-roller," impiry izy ireo no milaza an'ireo zavatra ratsy ireo, hanohy handroso ilay fiangonana. Tsy maintsy mandroso izy. Mijanona ao amin'ny Tenin'Andriamanitra izy.

44 Tonga niaraka ireo mpanjaka roa indray mandeha. Ny iray tamin'izy ireo dia i Ahaba, ratsy anankiray, ilay iray hafa dia Josafata; fiangonana ara-panahy, fiangonana ara-nofo.

45 Ahaba dia mpino mpanara-driandrano iray. Nanana mpaminany izy. Tsy hoe tsi-mahatoky izy ireo. Tsy mpanompo sampy izy ireo. Mpaminany Isiraelita izy ireo, saingy izy rehetra ireo dia nampianarina sy nofahanana ary nampiakanjoan'i Ahaba mpanjaka. Ilay izy dia lasa tahaka ny toerana iray izay nahazoan'izy rehetra ny fanohanana ara-politika.

46 Tonga i Josafata, nidina, nanao fanekena, izay ratsy.

47 Tsy tokony hifandray amin'ny tsi-mpino mihitsy ianareo. Isika tsy tokony mihitsy, na amin'ny inona na inona, mba hametraka ny anarantsika eo amin'ny boky ao amin'ireo fiangonana izay tsy mino ny Filazantsara feno. Tsy mihitsy! Ho tafiditra ao anatin'ny olana ianareo.

48 Ary tafiditra tao anatin'ny olana izy ireo. Ary hoy ity lehilahy marina ity hoe, "Tsy tokony hanontany ny Tompo ve isika aloha, ka hahita raha tokony handeha hankany Ramota-Gileada isika?"

49 Ankehitriny dia jereo hoe toa tanteraka toy ny ahoana ilay fototra. "Antsika i Ramota-Gileada. Fananantsika izy, ary ireo Syriana no naka azy avy tamin'ilay Andriamanitra velona. Tsy hiakatra ve isika ka haka an'io tany io?" Dia nanao kabary tena tsara tarehy izy, ary tena ara-dalàna, sy tena marina, hany ka voafitaka tamin'izany i Josafata.

50 Ary, amin'izao andro izao, dia afaka mitsangana eo amin'ny polipitra ireo lehilahy miaraka amin'ny fahaizana tahaka an'izany sy fahaiza-miteny, ary fianarana, hany ka afaka manazava ny Herin'ny Fanahy Masina lavitry ny Baiboly izy ireo. Afaka manazava ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra lavitra izy ireo. Afaka manazava ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra sy ny fandikana izy ireo, afaka manazava ny batisan'ny Fanahy Masina izy ireo, ho an'ny andro hafa iray.

51 Fa ny lehilahy iray izay nofidian'Andriamanitra, lehilahy iray . . . "Ny Ondriko mahalala Ny Feoko." Raha manana an'io fifidianan'Andriamanitra io eo aminareo ianareo, dia tsy hanafintohina anareo mihitsy izany.

52 Hoy i Josafata hoe, hoy ilay mpanjaka marina hoe, "Tsy misy mpaminany iray ve eto, izay azontsika hanontaniana ny Tompo?" Nandeha nanohy tsy nanana an'izany i Ahaba.

53 Tahaka an'izany ilay fiangonana ara-nofo amin'izao andro izao. Oh, manana seminera feno mpitory teny izy ireo, lehilahy malaza, profesora malaza, mahay, manan-tsaina, matsilo saina, oh, oadray, mihoatra lavitra an'ireo—ireo matsilo saina an'ilay fiangonana ara- . . . na ilay fiangonana ara-panahy.

54 Tamin'ny andron'i Noa, tamin'ireo andro ireo, jereo ilay fiangonana ara-boajanahary. Inona izy ireo? Lehilahy siantifika, mpanorina, manan-tsaina. Fa ilay voafidy, Enoka sy Noa, dia mpiandry ondry sy mpamboly, manetry tena, tsy nampianarina, tsy manan-tsaina, saingy nahafantatra ny Andriamaniny; nisy zavatra tao anatin'izy ireo, mihetsika, miantso. Ho tonga eo amin'izany isika afaka kelikely.

Ankehitriny, noho izany dia hoy i Josafata hoe, "Tsy misy mpaminany iray ve eto?"

55 Oh, mazava ho azy, nanana azy ireo ilay ara-nofo. "Izany tokoa, manana izahay. Manana seminera iray aho eto, feno azy ireo."

56 Nitondra efajato. Ankehitriny, tsy hoe tsi-mahatoky izy ireo. Mpanompo an'i Jehovah-Andriamanitra izy ireo. Niakatra, ka hoy izy ireo hoe, "Avelao izahay haka fotoana fohy dia haminany izahay." Ary noho izany dia tonga niaraka izy ireo. Dia niverina

izy ireo niaraka tamin'ny hoe, "Ny Tenin'ny Tompo," ary hoy izy ireo hoe, "HOY NY TOMPO HOE." Mpaminany Isiraelita. "HOY NY TOMPO HOE. Miakara, momba anao ny Tompo. Ary haka an'i Ramota-Gileada ianareo, satria an'i Isiraely marina tokoa izany." Ary nanamboatra tandroka vy anankiroa goavana be ho azy ny iray tamin'ireo lehilahy sefo, ho famantarana, dia nanosihosy izy. Hoy izy hoe, "Amin'ity no hanosehanao ny Isiraely . . . na hanosehanao an'ireo Syriana hiala ao Ramota-Gileada."

Fa, Josafata, nisy zavatra tao anatiny!

57 Oh, manantena aho fa hitondra an'izao ao am-ponareo Andriamanitra. Izany dia tsy zavatra azonareo ianarana samirery. Izany dia tsy zavatra azonareo avy amin'ny famakiana samirery. Izany dia izay ataon'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny fifidianana, ho anareo. "Tsy izay mihazakazaka na izay maneho- . . . Andriamanitra izay maneho famindrampo izany."

58 Hoy Josafata hoe, "Lehilahy mitafy tsara izy ireo." Tsy isalasalana fa nilaza zavatra tahaka an'izao izy hoe, "Mahay izy ireo, ary lehilahy manan-tsaina indrindra izay hany reko. Nampianarina hatramin'izao izy ireo. Iray saina ny toeran'izy ireo. Manana firaisana iray lehibe izy ireo eo anivony. Ary manan-tsaina izy ireo, ary manana Fahamarinana betsaka amin'izy ireny."

59 Manana Fahamarinana ny fahadisoana rehetra. Ny lainga goavana indrindra izay hany notenenina dia nanana sivifolo- . . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] isan-jaton'ny Fahamarinana tao anatiny, ilay lainga izay notenenin'i Satana tamin'i Eva.

60 "Oh, misy Fahamarinana betsaka ao amin'izay lazain'izy ireo, saingy tsy misy anankiray amboniny ve?"

61 Eny, inona no heverinareo ho nolazain'io lehilahy io? "Nefa izahay dia manana efajato eto, an'ny manan-tsaina indrindra, ny tsara indrindra? Tsy any an-efitra izy ireo mandehandeha mitanjaka tapany, ary hoditr'ondry no mandrakotra azy ireo, na zavatra iray. Lehilahy izay nofahanako izy ireo, nampianariko. Tsy lehilahy izay tsy mahafantatra ny ABD-ny izy ireo. Manampahaizana izy ireo, ary fantatr'izy ireo ilay zavatra. Izy ireo dia mijanona, andro aman'alina, mamaky an'ireo horonana sy maminany. Fantatr'izy ireo izay marina. Izaho no nanao azy ireo ho vonona. Ary mitsangana eto izy ireo miaraka amin'ny saina iray, efajato amin'izy ireo, manao hoe, 'Miakara, momba anao ny Tompo.'"

62 Fa raha afaka hamaky ny fisainan'i Josafata minitra vitsy aho hoe, "Misy zavatra tsy mandeha fotsiny ao," hoy izy. "Misy zavatra izay toa tsy mety tsara fotsiny ao. Tsy misy anankiray amboniny fotsiny ve, any ho any?"

63 "Oh," hoy izy, "eny, misy anankiray amboniny any, saingy tsy an'ilay rafi-pandaminana izy. Karazana lehilahy iray hafa kely izy. Jiolahimboto iray fotsiny izy." Mitovy amin'i Jakoba izy. "Fa afaka hanontany azy isika. Izy ireo no milaza fa mpaminany iray izy. Saingy misalasala ny amin'izany aho, satria manozona ahy foana izy, milaza fa *ity, itsy,* na ny *hafa*, na tsy maminany tsara mikasika ahy mihitsy izy." Ahoana no ahafahany? Hitanareo?

64 Noho izany dia hoy izy ireo hoe, "Ndao isika haka azy. Zanak'i Jimla izy." Noho izany dia lasa izy ireo ka naka azy.

65 Ary nisy olona iray nifanena taminy teny an-dàlana, nanao hoe, "Ankehitriny, lazao ilay zavatra iray ihany izay lazain'izy ireo. Tsy maintsy mifanaraka amin'ilay fikambanana ianao. Raha tsy manao ianao, dia loza ho anao!"

66 Hoy izy hoe, "Hilaza an'izay apetrak'Andriamanitra eo am-bavako ho lazaina fotsiny aho, fa tsy misy na inona na inona hafa."

67 Avy eo taorian'ny nahatongavany teo, ary nomen'izy ireo alina iray izy, dia hoy izy hoe, "Miakara, saingy nahita ny Isiraely nihahaka tahaka ny ondry tsy nisy mpiandry ondry aho."

Dia hoy i Ahaba hoe, "Tsy efa niteny taminao ve aho?"

68 Ankehitriny, nisy efajato nanohitra anankiray. Efajato nofanina, manan-tsaina, nampianarina, lehilahy mahay manohitra tsy mahay kely anankiray, araky ny hiantsoantsika azy, Mikaia. Lehilahy anankiray, kanefa io lehilahy anankiray io no nanana ny Tenin'ny Tompo, izany no nanao an'ilay fahasamihafana. Sandoka ny tsirairay avy tamin'izy ireo, namoaka sandoka izany. Nahoana no tena hafa i Mikaia? Tsy maintsy ho nahantra ve izy, mba ho hafa? Tsia. Ny... Ny nanao an'i Mikaia ho hafa, dia nijanona tamin'ny Teny izy. Ny Tenin'Andriamanitra no nijanonany.

69 Ankehitriny dia nampanantenaina fa, amin'ireo andro farany, "Andriamanitra dia handatsaka Ny Fanahiny." Nampanantenain'i Daniela, fa, "Ny olona, amin'ny andro izay hamelezan'ny vato an'ilay sarivongana eo amin'ny tongotra, ny olona izay mahafantatra ny Andriamaniny dia hanao zava-dehibe." Faminaniana aorian'ny faminaniana! Ary ireo seminera rehetra, izao tontolo izao, dia tsy afaka hanaisotra an'izany. Hanao an'izany Andriamanitra, na ahoana na ahoana, ka hanaraka an'izany ny olona. Hitanareo? Ilay ara-nofo sy ilay...Ilay fiangonana ara-nofo sy ilay fiangonana Ivelan'ny voajanahary. Hitanareo, ny Teny no manao ny fahasamihafana.

70 Izany no noeritreretin'i Jakoba, "Ary tsy mampaninona na inona na inona, fantatro fa tsy afaka ny ho voatahy mihitsy aho raha tsy mahazo an'io fizokiana io. Io fizokiana io no tsy maintsy hifikirako."

71 Ary, fa Esao nankahala an'izany, ary manao an'ilay zavatra iray ihany ireo zanany, mbola, hatramin'ity andro ity. Halan'izy ireo izany. Efa izany foana ilay izy.

72 Na oviana na oviana no misy fifohazana iray, dia mamokatra kambana foana izany. Fanamarihana mafy iray izany, saingy marina izany. Rehefa nisy fahaterahana iray avy tamin'ny, avy tamin'i Isaka sy Rebeka, dia namokatra kambana izany. Rehefa noforonina izao tontolo izao, dia namokatra kambana izany, hazo roa. Ary rehefa teraka i Kaina sy Abela, dia namokatra roa izany. Rehefa teraka Isimaela sy Isaka, dia namokatra roa izany. Ary rehefa teraka Esao sy Jakoba, dia namokatra roa izany. Ny iray tamin'izy ireo, ara-nofo (ny iray tamin'izy ireo, avy amin'ny tany); ilay iray hafa, Ivelan'ny voajanahary. Ary ny anankiray nijery an'ilay ara-boajanahary, mahay; ilay iray hafa nandeha araka ny Fanahy. Efa tahaka an'izany foana ilay izy. Rehefa nipoitra ilay fiangonana Loterana . . .

73 Ndao alaintsika ny Pentekosta, aloha. Jereo ilay fahaterahana Pentekotista. Namokatra fifohazana lehibe, mahery iray izany izay nitety an'izao tontolo fantatra izao, Pentekosta. Tsy ela akory taorian'ny Pentekosta dia nilaza mihitsy aza i Paoly, hoe, "Hisy lehilahy hitsangana eo anivonareo, miaraka amin'ny zavatra masiaka, ka hanodina ny olona hanalavitra an'Andriamanitra." Ary izany marina tokoa no nataon'izy ireo. Mamokatra roa izany.

74 Rehefa teraka ny fiangonana Loterana, dia namokatra fifohazana ara-panahy iray i Martin Luther. Tsy ela akory dia indro tonga io Esao, taoriany mihitsy, ary nandrafitra an'izany. Ary namokatra roa izany.

75 Avy eo taorian'izany, dia tonga ny Metodista, John Wesley, fifohazana ara-panahy iray. Ary taorian'izany, dia tonga ny rafi-pandaminana, nandrafitra an'izany. Ary namokatra roa izany.

76 Ary taorian'izany, dia tonga ny Pentekosta, fifohazana iray. Ary ankehitriny dia narafitr'izy ireo izany, ary ankehitriny dia milamindamina amin'ny rafi-pandaminana izy ireo. Ary mamokatra roa izany.

77 Fa ilay taranaka ara-panahy an'ilay Andriamanitra velona, na dia tsy maintsy ho mpivahiny iray aza izy, na dia tsy maintsy ho mpirenireny iray aza izy, dia miteraka fisarahana foana izany. Tsy naharitra ela loatra niaraka tamin'i Jakoba i Esao. Vantany vao azon'i Jakoba ilay fizokiana (deraina Andriamanitra), dia nitaky fisarahana izany. Ary rehefa ny olona iray . . . Tsy ahoako izay fiangonana ikambananareo, raha ara-nofo izany, ary ireo mpiara-miasa aminareo izay iarahanareo, ireo olona izay iarahanareo milalao karatra, ary ny fikambanan'ny literatioranareo, sy ny sisa; rehefa azonareo ilay fizokiana, dia misy zavatra ao anatin'ny fonareo ambany ao izay noana an'Andriamanitra, rehefa mandray an'izany ianareo, dia mitaky

fisarahana izany. "Mivoaha avy eo anivon'izy ireo, ka aoka hisaraka, hoy Andriamanitra." Fisarahana!

78 Tafapetraka ilay fiangonana. Hitanareo, tsy afaka mandroso izy. Esao dia tandindona tena tsara iray an'ilay mpino ara-nofo amin'izao andro izao, tsy afaka mandresy an'izao tontolo izao mihitsy. Tsy maharesy an'ireo zavatr'izao tontolo izao izy. Mbola tia ny fetiny foana izy ireo, ireo fandihizany, ireo lokon-tarehy fanosotra ary, ireo vehivavy, eo amin'ny tarehiny, ary—ary manapaka ny volony sy—sy manao an'ireny akanjo fohy kely ratsy ireny; ary—ary ny lehilahy dia tia mandeha mankany amin'ireo efitry ny billards, sy—sy mifoka sigara, ary miteny vazivazy kely maloto; nefa dia mbola mikambana amin'ilay fiangonana foana. Tsy afaka mandresy an'ireo zavatra ireo mihitsy izy ireo. Tsy afaka koa i Esao. Kanefa, mba ho mpivavaka, dia tsy maintsy nametraka fiheverana ara-tsaina iray izy. Izany ilay zavatra iray ihany izay ataon'ny fiangonana amin'izao andro izao. "Ho lasa rafi-pandaminana iray izahay. Hametraka ny tenanay hiaraka izahay. Hanao antoko iray izahay, na sampana iray, na zavatra tahaka an'izany."

79 Ary tahaka an'izany no androsoan'ny fiangonana amin'izao andro izao, ilay ara-panahy sy ilay ara-nofo, mbola mitovy foana. Tsy niova izany, ary tsy hiova mihitsy.

80 Ny fahamasinan'Andriamanitra. Andriamanitra, satria Andriamanitra, no mamolavola an'izany, Izy tenany. Raha tsy nisy mpanota iray, dia tsy ho nisy mihitsy. . . Tsy ho Mpamonjy iray mihitsy Izy. Fa Mpamonjy iray Izy tany ampiandohana, noho izany dia tsy nisy na inona na inona very. Ary ireo Toetrany Manokana amin'ny maha-Mpamonjy iray, no namolavola mpanota iray, dia tsy maintsy nisy zavatra iray ho vonjena. Talohan'ny nahafahan'ny zavatra iray ho vonjena, dia tsy maintsy nisy zavatra iray very. Ary ny Fahamarinany sy ny Fahamasinany! Raha tsy nisy mihitsy ny—ny olona marary iray, dia tsy ho mpanasitrana iray mihitsy Izy. Fa hatrany amin'ny fiandohana, ary tany amin'ireo fiandohana, dia efa nisy Izy talohan'ny fiandohana. Mpanasitrana iray Izy. Noho izany dia tsy nisy na inona na inona narary, noho izany dia novolavolaina ny olona marary iray, mba Ahafahany manasitrana azy ireo, mba hanao Azy ho mpanasitrana iray.

81 Avy tamin'io Faritra Masina iray ihany tany io izay nahatongavan'ny famonjena, no nahatongavan'ireo ozona. Avy tamin'ilay reny sy ray iray ihany izay namolavola an'i Jakoba, no namolavola an'i Esao. Hitanareo? Andriamanitra izany. Tsy afaka manova ny Drafiny Izy. Tsy maintsy mandeha tahaka an'izany fotsiny izy ireo. Hifanaraka tsara ao amin'izany ny natiora rehetra. Tsy maintsy izany ilay izy. Azonareo ve izay tiako lazaina? Mampiditra azy ao mihitsy. Tsy maintsy misy olona iray very, mba ho vonjena. Ary raha tsy nisy, Izy, Ny. . .

Izy amin'ny maha-Mpamonjy iray no nanao an'izany. Ny lalina miantso ny Lalina.

82 Tahaka an'ilay zazalahy kely izay resahako foana, mihinana an'ireo gaoman'ny pensily, sy ny fivoizana bisikilety, nila solifara izy. Ary raha mbola nisy zavatra nitsiriritra solifara foana tao, dia tsy maintsy nisy solifara iray tany ho any, aloha, natao. Tsy maintsy nisy solifara iray talohan'ny nananany an'ilay fitsiriritana. Ary izany, ilay solifara, no namolavola azy, avy eo izy vao nandeha niverina nankeo amin'ilay solifara.

83 Tahaka an'izany no maha-Mpamonjy iray an'Andriamanitra. Ary tsy maintsy nisy zavatra very, mba Hovonjeny, mba hanao Azy ho Mpamonjy iray. Izay ihany no ataon'izany, dia ny maneho an'Andriamanitra. Ny zavatra rehetra, ny rehetra dia ao Aminy; tsy ao amin'ny mpitory teny iray, tsy ao amin'ny fiangonana iray, tsy ao amin'ny rafi-pandaminana iray, fa ao amin'Andriamanitra, mba ahafahan'ilay fididianana haharitra tanteraka. Hitanareo? Ao Aminy izany. Hia. Ny Loterana . . .

84 Ary avy eo isika dia mahita fisarahana hafa iray, izany dia i Abrahama sy i Lota. Mpirahalahy izy ireo. Saingy mpihevitra ara-nofo iray i Lota. Mitady zavatra goavana foana izy, zavatra miaraka amin'ny mamirapiratra betsaka eo aminy. Tahaka ny rajako iray, araka ny nolazaiko, mitady zavatra mamiratra foana. Tsy niala tamin'ny olona io fanahy io, amin'izao andro izao. Izy ireo dia mitady ny . . . Mandeha mankao an-tanàna izy ireo, ary tsy te-ho tonga ao amin'ny tranobongo kely tahaka an'ity. Hitanareo? Mila an'ilay fiangonana goavana indrindra izay misy ao amin'ny tanàna izy ireo, ilay pasitera mahay indrindra, izay andehanan'ireo olona tsara fitafy indrindra, izay andehanan'ilay ben'ny tanàna, an'ilay tanàna. Mbola io fanahin'i Esao io foana izany. Raha ny marina dia nanana an'ireo fizokiana, eo am-panombohana, miantso ny tenany ho ilay Fiangonana, saingy nahavery an'izany satria amavoin'izy ireo Izany. Tsy afaka manao an'ireo olona ireo handohalika ianareo, sy hiantsoantso ary hiangavy an'Andriamanitra, ka hivoaka sy hanana asam-panasitranana, ary mahatanty ny fanenjehan'izao tontolo izao, mandray ny Fanahy Masina. Ary izy ireo—tsy hanao an'izany izy ireo. Amavoin'izy ireo izany. Izy ireo dia miantso an'izany hoe "andiana holy-rollers iray." Izay nolazain'ny Baiboly mihitsy fa hataon'izy ireo. Manao an'izany izy ireo satria izany no natiorany. Izany ilay natiora. Tahaka ny goaika sy ny voromailala, ireo natiora roa. Maniry an'izany izy ireo satria izany no maha-izy azy ireo. Izy ireo dia tsy hahita mihitsy (mihitsy) an'ilay hafa, satria tsy nateraka hahita an'izany izy ireo.

85 Ary ilay iray hafa, tsy afaka manakana azy ho lavitra an'izany ianareo, satria izany ilay fididianan'Andriamanitra. Teraka mba ho lehilahy ara-panahy na vehivavy ara-panahy izy. Misy zavatra ao aminy mitaky an'izany. Oh, izaho—manantena

aho fa midina ao amin'ny toerana iray izany izay ahafahantsika, ahafahanareo mahita an'izay izaho—tiako lazaina, mba hamehy an'izany ankehitriny. Ankehitriny Abrahama . . .

86 Tsarovy, raha mbola niara-niasa niaraka foana izy ireo, ilay fiangonana ara-boajanahary sy ilay fiangonana ara-panahy, dia tsy nahazo an'ilay fitahiana mihitsy izy ireo. Tsy voatahy mihitsy i Jakoba raha tsy nanasaraka ny tenany tamin'i Esao. Ary tsy voatahy mihitsy i Abrahama raha tsy nanasaraka ny tenany tamin'i Lota.

87 Nanana an'ireo fivoriam-bavaka keliny manokana i Lota tao amin'ny fiangonany tany, nampianatra an'ireo zananilahy sy zananivavy, ary izy ireo. Fa niaina fiainana iray tahaka an'izany izy, hany ka, rehefa nandeha niresaka mikasika ny andro farany izy, dia nihomehy azy izy ireo.

88 Zavatra mitovy amin'izao andro izao! Miresaha mikasika ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra sy ny herin'Andriamanitra, sy ny sisa, fa ihomehezan'izy ireo izany. Ilay fanahy iray ihany izany. Izany ireo fanahy roa lehibe, ara-pivavahana, izay mangeja an'izao tontolo izao; ilay mpino sy ilay tsi-mpino, ilay mpino sy ilay mody-mpino, ilay anankiray maka tahaka an'ilay iray hafa. Ankehitriny rehefa nanasaraka ny tenany i Abrahama . . .

89 Efa voamarikareo ve Jesosy? Tao amin'ny Firesahany ny amin'ny Fihaviana, Fihaviana faharoa, hoy Izy hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, hihinana izy ireo, hisotro, hanambady, ary hampaka-bady." Fa rehefa niresaka ny amin'ny andron'i Lota Izy, dia tsy nilaza na inona na inona mikasika an'izany mihitsy Izy. "Tahaka ny andron'i Lota," ho an'ny fanambarana izany.

90 Diniho izay nitranga tamin'ny andron'i Lota. Nisy an'i Lota tany Sodoma tany, tafatoetra tsara, ara-pahaizana, lasa ilay, iray amin'ireo lehilahy goavan'ny tanàna, ilay mpitsara, nipetraka teo am-bavahady ary nitsara ny olona. Ny vadiny dia nikambana tamin'ny fikambanana rehetra izay nisy an'ilay tanàna. Ary ireo zananivavy, sy izy rehetra ireo, nanambady teo anivon'ilay manan-daza, mahay, nianatra ambony, nanantsaina, matsilo saina. Fa i Abrahama dia nipetraka tao anaty tranolay teo ambanin'ny hazo ôka iray. Fa indray andro dia samy nahazo famangiana izy roa.

91 Ary nisy mpitory teny mahay iray nidina ary nitory teny, ka niantso azy ireo hivoaka. Jereo ilay—jereo ilay hafatra hoe, "Mivoaha," hoy izy tamin'i Lota.

92 Ary tsy ho nantsoina hivoaka mihitsy izy raha tsy nohon'ny famindrampon'i Abrahama. Hoy izy, "Raha afaka mahita lehilahy dimampolo aho, dia hamonjy an'izany ve Ianao? Raha afaka mahita lehilahy telopolo aho? Afaka ve aho . . . Raha

mahita folo aho?" Hatreo no azony nandehanana. Ary tsy afaka nahita folo akory aza Izy teo anivon'izy ireo.

93 Tsy mahagaga, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa." Tsarovy, Noa no tandindon'ilay Fiangonana; Enoka no, izay tsy nandalo ny fahoriambe, fa nafindra talohan'ny nidiran'ny fahoriambe. Nody tany an-Trano i Enoka, tsy nandalo an'ilay fahoriambe izy. Noa no nentina nitety.

94 Ankehitriny, diniho tsara raha mandroso eo amin'izany isika. Diniho hoe karazana famantarana inona no azon'i Abrahama sy ny ankohonany. Nahazo an'ilay Ivelan'ny voajanahary izy ireo. "Abrahama!" Ahoana no Nahafantarany fa izy no Abrahama? "Aiza ny vadinao, Saraha?" Ahoana no Nahafantarany fa nanambady izy, na nanana vady iray, Saraha?

"Ao anatin'ny tranolay izy."

95 Ankehitriny, Lehilahy iray nipetraka teo, nihinana hena, nisotro ronono, ary nihinana mofo katsaka. "Aiza, aiza ny vadinao, Saraha?" Ahoana no Nahafantarany an'izany zavatra izany? Ahoana no Nahafantarany an'izany? Eritrereto izany. Miantso ianareo . . . Ianareo olona ara-panahy, aoka hiditra ao aminareo izao. Ahoana no Nahafantarany an'izany, nefa nihetsika tahaka ny vahiny iray Izy, vovoka no teo amin'ny Akanjony?

Ary rehefa hoy i Abrahama hoe, "Ao anatin'ny tranolay izy, Aorianao."

96 Dia hoy Izy hoe, "Izaho dia . . ." "Izaho, Izaho," mpisolo anarana iray. "Izaho," ity Lehilahy ity, Andriamanitra nampahafantatra ny Tenany tao anatin'ny nofo. Andriamanitra! Abrahama dia niantso Azy hoe Elohima. "Izaho, hamangy anao Aho. Hihazona ny Fampanantenako Aho. Ary araka ny andron'aina, dia hamangy anao Aho, ary hahazo an'io zazalahy izay Noresahako taminao io ianao." Ary Abrahama, zato taona; Saraha, sivifolo taona.

97 Ary Saraha, tao anatin'ilay tranolay lavitra; teo amin'ny tranolay kely efatra teo, dia nipetraka taoriana ilay tranolay lehibe. Tao ambadik'ireo mikopaka, nihaino izy. Nandre an'izany izy. Ary tao am-pony ambany tao dia nitsiky izy, nanao hoe, "Izaho ve, vehivavy antitra iray zato taona, ary ny tompoko," ny vadiny, "ny tompoko, ary antitra, dia mihevitra fa hanana fahafinaretana miaraka indray izahay, tahaka ny olona tanora nivady? Oh, ahoana no hampety an'izany?" Ary somary nitsiky izy.

98 Nanatodika ny Lamosiny nankany amin'ny tranolay Izy. Hoy Izy hoe, "Nahoana izy no nihomehy?" Oh, rahalahy, eo ianareo izao!

99 Jereo ilay fiangonana ara-nofo mandray ny Filazantsara toriana amin'izy ireo. Billy Graham moderina iray sy izy ireo no

nandeha tany nitory ny Filazantsara hoe, "Mivoaha avy ao!" Fa tonga ve izy ireo? Tsia. Tena, tena, tena vitsy.

100 Diniho ilay vondron'i Abrahama, ilay nantsoina hivoaka. Mariho ankehitriny. Ary Nomeny azy io famantarana io, ka nino Azy izy. Ary nanjavona teo anoloany Izy, ka lasa nandeha. Oh, ahoana fa efa fisarahana foana ilay izy, ilay nantsoina hivoaka!

101 Ankehitriny, ireo fanahy roa ireo. Mba handehanana haingana miaraka aminareo, mba handehanana haingana ankehitriny hahatongavana eo amin'ny toerako izay tiako ho hitanareo. Ireo vondrona roa ireo dia niara-niasa akaiky, nandritr'ireo taona rehetra, hatramin'ny tena fiandohan'ny fotoana mihitsy; ilay fiangonana ara-boajanahary, ilay fiangonana ara-panahy. Efa tao amin'ny Testamenta Taloha izy ireo, efa tao amin'ny Testamenta Vaovao izy ireo, ary mbola eo izy ireo androany.

102 Ankehitriny, teo amin'ny roa arivo taona lasa teo, dia tonga teo amin'ny loha iray izany, ary nandroso nankany amin'ny lehilahy roa: ny iray amin'izy ireo, Jesosy Kristy; ilay hafa, Jodasy Iskariota. Ankehitriny, Jesosy dia nanakambana ny Fihaviana, an'Ny Fihaviany faharoa, hoe ireo fanahy roa ireo dia ho samihafa betsaka tamin'izay naha-izy azy ireo tany aoriana tany. Ankehitriny eto no tiako hanaovanareo ny—ny akanjom-Boninahitrareo. Ho samihafa ireo fanahy roa ireo. Satria, tonga i Satana ka nipetraka tao anatin'ny lehilahy iray izay mambram-piangonana, Jodasy Iskariota, nipetraka tao anatin'ilay fiangonana ara-nofo, ary sakaiza iray an'ilay fiangonana foana. Fa tonga izy ary—ary namitaka, na nihevitra fa hamitaka ny rahalahiny. Tonga izy ary anisan'ny iray tamin'izy ireo; nanandrana an'ireo zavatra tsara an'Andriamanitra, nandroso tsara tao amin'ny Fanahy, toa tahaka an'izany, nandeha sy nitory ny Filazantsara, ary nandroaka devoly. Fa tao anatiny tao, isan'andro, dia Jodasy izy, eo am-panombohana. Hoy ny Baiboly hoe, "Teraka ho zanaky ny fahaverezana izy."

103 Tsarovy ankehitriny, misy ny fiangonana ara-nofo tany aoriana tany, ilay Esao, ireo Fariseo sy Sadoseo.

104 Fa diniho ity zalahy ity izay mihevitra ny tenany fotsiny ho . . . Handroso hiaraka amin'ny Hafatra vetivety izy, fa tsy tehametraka ny tànany be loatra eo amin'Izany. Hitanareo ve ireo fanahy ireo? Hoy Jesosy hoe, "Ho tena hifanakaiky amin'ilay tena zavatra izany, hamitaka an'ilay tena Voafidy izany," Voafidy, raha hanamarika an'izany ianareo, "raha azo natao izany." Saingy tsy azo atao izany. Hitanareo, hamitaka izany.

105 Diniho ankehitriny, tsy ilay fiangonana ara-nofo fotsiny, ilay anankiray izay eo, ilay fiangonana ara-nofo tsotra mahazatra, ilay vondron'i Esao.

106 Manana an'ilay vondrona Jodasikariana isika ankehitriny, mpamadika mihoatra lavitra, mpamadika mihoatra lavitra, tonga ao amin'ilay tena lafin'ny fitahiana mihitsy. Tahaka ny ao amin'ny Hebreo 6 sy 10 fotsiny, ahoana fa hoy izy hoe, "Natao mpandray anjara indray mandeha ary nanandrana ny herin'ny fiainana ho avy, ary nanao an'ireo zavatra rehetra ireo; raha . . . ary avy eo raha nandray ny fahalalana ny Fahamarinana izy ireo, nefa avy eo minia mihodina." "Minia," inona izany? "Manao ny Ràn'ny fanekena, izay nanamasinana azy ireo, ho zavatra tsy masina."

107 Mamelà ahy hanome anareo kisarisary iray. Ity ilay izy. Indro ny lehilahy iray, lehilahy tsara iray izy, zazalahy mahafinaritra. Nantsoina izy, mahatsapa izy ao am-pony fa te-ho mpitoriteny iray. Eny àry, manaiky an'i Jesosy ho Mpamonjy manokana izy. Zazalahy mahafinaritra iray izy, tsy misy olona afaka milaza na inona na inona manohitra azy. Afaka kelikely, ilay lohahevitry ny fanamasinana. Mitsiriritra ilay lehilahy rehefa mijery vehivavy izy. Izy . . . Ao anatiny ilay izy. Hitanareo? Ary avy eo, ny zavatra manaraka, angamba nifoka izy, ary te-hifoka. Angamba te-hiloka izy. Angamba te-hanao zavatra ratsy izy. Fantany fa tsy tokony hanao an'izany izy, noho izany dia hoy izy hoe, "O Andriamanitra, ampiharo amiko ny Ràn'i Jesosy, ka amasino aho."

108 Dia lasa nohamasinina izy. Afaka mihiakiaka izy, midera ny Tompo, manao zavatra sasantsasany, ihany koa, mivoaka ary manao zavatra. Tsarovy, nilaza Jesosy fa io karazany io dia ho eo amin'izany andro izany. "Maro no ho avy ka hanao hoe, 'Tompo, tsy efa naminany ve aho, nitory teny? Tsy efa nandroaka devoly ve aho, tamin'Ny Anaranao?'" Hoy Jesosy hoe, "'Tsy nahafantatra anareo akory aza Aho, ianareo mpanao meloka.'" Hitanareo, eo izy ireo izao.

109 Ankehitriny diniho ity ankehitriny. Ho zaraintsika an-jatony tapitrisa ny volo iray, hatrany amin'ilay lela maranitry ny Filazantsara mihitsy, "Maranitra noho ny sabatra roa lela, mandidy hatrany amin'ny fampisarahana ny taolana mihitsy aza, ary Mpamantatra iray!" Haleloia! Andriamanitra, avelao hilentika izany. "Mpamantatra iray an'ireo eritreritry ny fisainana." Izany ny Filazantsara, ny Herin'Andriamanitra. Ny Tenin'Andriamanitra tonga voaseho dia ny Filazantsara.

Hoy ianareo hoe, "Ny Baiboly no nilaza. Izany no—izany no Tenin'Andriamanitra."

110 Eny, ny Teny tonga voaseho dia ny Filazantsara. Tsy tonga tamintsika tamin'ny Teny fotsiny ihany ny Filazantsara, fa tamin'ny hery sy ireo fanehoan'ny Fanahy Masina, mba haneho ny Hery, hanao ny Filazantsara ho velona.

111 Rehefa nandeha tany Inde aho, ilay arsevekan'ny—an'ny fiangonana Metodista dia tonga, nanao hoe, "Atoa. Branham,

tsy te-hahafantatra na inona na inona mikasika ny misionera iray izahay. Mahafantatra betsaka mikasika ny Baiboly noho ny hany fantatrareo rehetra izahay." Hoy izy, "Izahay dia fiangonana iray, ary tafapetraka teto roa arivo taona talohan'ny naha-firenena iray anareo." Marina izany. Fa hoy izy, "Renay fa namangy anareo Andriamanitra ka nitondra fanomezampahasoavana iray izay afaka manao an'ity Baiboly ity ho velona." Hoy izy, "Izany no mahaliana anay." Oh, oadray! Hitanareo, zanaka io lehilahy io, fa tsy zafikely, araka ny nolazain'i Davida. Hitanareo? "Te-hahafantatra izahay. Marina ve izany?"

112 Hoy aho hoe, "Izany tokoa, marina izany. 'Jesosy Kristy ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.'"

113 Ankehitriny, mariho izy, ilay fiangonana ara-nofo manenjika an'ilay fiangonana ara-panahy. Ankehitriny, hitantsika arak'izany fa nihambo ho rahalahy iray i Jodasy, rahalahy iray, ary avy eo dia nandroso ka farany dia tonga teo amin'ny faratampony iray.

114 Diniho ankehitriny ity mpitory teny tanora ity. Tonga eo amin'ny toerana iray izy, hoy izy hoe, "Tompo, efa nijery vehivavy aho. Tsy tokony hanao an'izany aho. Izaho dia efa, fantatrao, somary nanao an'ireo zavatr'izao tontolo izao. Tsy tokony hanao an'izany aho. Nandany ny volako tamin'ireo hazakaza-tsoavaly aho. Izaho—tsy tokony hanao an'izany aho. Izaho—efa nandeha tany amin'ireo fampisehoana sarimihetsika aho isan'alina. Tsy tokony hanao an'izany aho. Nankasitraka an'ireo sarimihetsika ratsy mihitsy aza aho sy ireo zavatra tahaka an'izany, manana an'ireo sary apetaka aho ao amin'ny efitro. Tsy tokony hanao an'izany aho. Izany ireo zavatr'izao tontolo izao. Amasino aho, Tompo!"

115 Dia hoy ny Tompo hoe, "Eny àry, Hataoko izany." Mampihatra ny Ràn'i Jesosy Kristy Izy ary manamasina azy.

116 Avy eo, rehefa manao an'izany izy, mandalo izy indray hariva ka mandre zavatra iray. Manatona izy ka mihaino. Mandre ny amin'ny batisan'ny Fanahy Masina izy, ny famenoana ny Fanahy. Avy eo dia mandinika an'izany izy, "Oh, oadray, tsy mahafinaritra ve izao! Saingy, hono ho'aho, ho namotika ny asam-panompoako izany raha nitory an'izany aho. Ho nanao an'i mama handroaka ahy hiala ao an-trano izany. Ho nandroaka ahy avy ao amin'ny fiangonako izy ireo raha mba niditra tao amin'izany aho. Oh, tsaratsara kokoa ho ahy ny miala lavitra an'izany. Fa avelao aho handinika an'izany. Eny, izany no Fahamarinana, ny Baiboly."

117 Eny, tahaka ny mpitoriteny malaza anankiray, fantatra manerana an'izao tontolo izao, izay hita vao tsy ela (tamin'ny alàlan'ny lehilahy iray izay niaraka tamiko tany Puerto Rico) nandohalika, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, tany Londres,

Angletera; lehilahy mahery iray, iray amin'ireo evanjelista malaza indrindra eto amin'izao tontolo izao amin'izao andro izao. Ary io lehilahy io, miaraka amiko eto ny rahalahiny, lehilahy iray feno ny Fanahy, nihazakazaka nankeo aminy ka nanao hoe, "Oh, rahalahy, izay ilay izy."

118 Hoy izy hoe, "Fantatro izany. Fantatro izany. Saingy, jereo, mamelà ahy hiteny zavatra aminao."

119 Hoy izy hoe, "Torio izany ankehitriny. Torio izany. Izao no ora. Miaraka amin'ny fitaomanao, dia afaka manozongozona an'izao tontolo izao ianao."

120 Hoy izy hoe, "Tsia, tsy afaka mitory an'izany aho. Hitanao, ilay—handroaka ahy ilay fiangonana. Tsy afaka hitory an'izany aho. Tsy afaka hanao an'izany aho." Oh, rahalahy!

121 "Efa nan-. . . nohamasinina indray mandeha ka tonga mba handray ny fahalalana ny Fahamarinana, mandinika an'Izany, mahita fa marina Izany; nefa mihodina, satria dia nanohombo an'ilay Zanak'Andriamanitra tamin'ny tenany izy ireo, ary nanao Azy ho fahamenarana miharihary, menatra ny Filazantsara."

122 Hoy i Paoly hoe, "Tsy menatra ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy aho, fa Herin'Andriamanitra ho an'ny famonjena Izany." Izany no Herin'Andriamanitra miasa eo anivon'Ny Fiangonany.

123 Saingy hoy izy ireo hoe, "Tsy afaka hanao an'izany aho." Hoy ity lehilahy ity hoe, "Hihevitra izy ireo fa pentekotista aho. Izy ireo dia hanao ahy . . . " Hoy izy hoe, "Ny—ho potika ny lazako." Oh, rahalahy!

124 Tsy manana laza aho. Mieritreritra ny Azy aho. Ny Lazany, izany ilay Anankiray.

125 Fa hitanareo hoe akaiky toy ny ahoana no azon'izy ireo hanatonana an'Izany, fantatrareo, "Ary manao ny Ràn'ny fanekena izay nanamasinana azy, zavatra iray izay nanamasina azy ka namoaka azy avy tao amin'izao tontolo izao, ary miezaka hametraka azy eto ambony Eto. Ary avy eo dia mandinika an'Izany izy, ka manana fahalalana an'Izany. Ny mihodina manalavitra an'Izany, dia tsy misy fanatitra ho an'ny ota tafajanona intsony," hoy ny Baiboly, "fa fiandrasana mahatahotra amin'ny fitsarana sy ny fahatezerana mirehitra no, ho, izay handany ny fahavalo. 'Fa ahy ny famaliana,' hoy ny Tompo. Izay nanamavo ny lalàn'i Mosesy, dia maty tsy nisy famindrampo, teo ambanin'ny vavolombelona roa na telo. Tsy fanasaziana mihoatra noho izany ve, ary fanasaziana maharary kokoa, na dia mendrika aza, ho an'ny mpitoriteny iray izay nanitsaka ny Ràn'i Jesosy Kristy teo ambanin'ny tongony, rehefa avy nahazo ny fahalalana ny Fahamarinana, ka nanao an'Izany ho zavatra tsy masina iray." Fioo!

126 Hitanareo ve hoe aiza no misy antsika? Hoy Jesosy hoe, "Mitandrema." Hitanareo ve hoe ahoana i Jodasy? Niaraka tamin'izy ireo mihitsy izy. Izy no Esao, natao lehibe kokoa ho an'ity taona ity. Izy no mpamitaka, ilay mpaka tahaka, natao lehibe kokoa ho an'ity taona ity. Indro izy tonga, indray, mba ho rahalahin'i Jesosy, mihambo ho rahalahy. Saingy tao ampony, dia niaraka tamin'ilay fiangonana ara-nofo tranainy foana izy, satria teo no nivarotany an'i Jesosy. Nivarotra an'i Jesosy izy, ireo fizokiany, tahaka ny nivarotan'i Esao mihitsy ho an'ny voanemba iray vilia. Nivarotra ny fizokiany ho an'ny volafotsy madinika telopolo izy.

127 Lehilahy sy vehivavy mihoatra ny iray amin'izao andro izao no nivarotra ny fizokiany ara-panahy ho an'ny laza iray, zavatra kely iray avy amin'izao tontolo izao izay tsy resinareo mihitsy; kely anankiray, ireo vehivavy, manao lokon-tarehy sy manapaka ny volony, manao akanjo fohy; ireo lehilahy, ho an'ny vazivazy maloto kely sy mifoka sigara, zavatra avy amin'izao tontolo izao. "Raha tia an'izao tontolo izao ianareo na ireo zavatr'izao tontolo izao, dia tsy ao anatinareo ny fitiavana an'Andriamanitra," hoy ny Baiboly.

128 Tsy te-handratra anareo aho, fa eo amin'ny farany isika. Tonga isika ankehitriny, miakatra eo amin'ilay tohatra haingana mihitsy isika ankehitriny.

129 Hitanareo ve hoe ahoana ilay izy? Manao an'izany izy ireo. Voafidy mialoha izy ireo. Afaka maka tahaka sy ho malemy fanahy ary manetry tena mihitsy izy ireo, tena mifanakaiky mihitsy, tahaka ny Kristiana, tena mifanakaiky ka hamitaka an'ilay tena Voafidy; saingy amin'ny voany no hahafantaranareo azy ireo.

130 Vehivavy iray manao sorta, tsy hitovy tahaka ny Kristiana iray mihitsy, amiko. Hoy ny Baiboly hoe, "Zavatra fahotana ary henatra ho an'ny vehivavy ny manapaka ny volony." Vehivavy anankiray ihany ao amin'ny Baiboly no hany nandoko ny tarehiny, dia Jezebela.

131 Ahoana ny amin'ireo lehilahy, ianareo lehilahy izay natao ho lehilahy Kristiana, nefa mamela ny vadinareo hanao an'izany? Nefa, hihazona anareo ho tompon'andraikitra ny amin'izany Andriamanitra! Tsy ny lehilahy! Ara-nofo! "Oh, handeha aho arak'izany ka hikambana amin'ity fiangonana ity." [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] ". . . mieritreritra mikasika an'izany ianareo." Izany marina tokoa no nolazain'ny Soratra fa hataon'izy ireo, ary izany marina tokoa no nataon'izy ireo. Ary izany no hataon'izy ireo, manao marimaritra iraisana!

132 Hoy ny olona iray hoe, "Billy, raha tsy ajanonao izany, dia hampandositra ny olona rehetra ianao."

133 Zavatra anankiray no tsy handeha, ny Fanahy Masina, satria Izany No Teniny. Ary ilay mpino tena voafidy mialoha dia

tsy handeha, satria Izany no Sakafo ho an'ny fanahiny. Tiany Izany. Tsy misy na inona na inona afaka hihazona azy lavitra an'Izany. Hanao ny zavatra rehetra izy, tahaka an'i Jakoba, saingy mila an'io fizokiana io izy. Hitsangana eo izy. Tsy ahoako raha ny sakaiza tsirairay izay ananany aza no vidin'izany, raha ny asany no vidin'izany, raha ny maha-mambram-piangonany no vidin'izany, raha ny zavatra rehetra no vidin'izany. Mbola hifikitra amin'izany foana izy, satria tsy misy azony atao amin'izany. Misy zavatra ao anatiny, manetsika azy, ilay lalina miantso ny Lalina. Oh, eo ianareo izao, zavatra ao anatiny!

134 Jereo, ny zavatra rehetra tianareo ho hita ao amin'ny Baiboly, dia alaivo eto izany, miverena mankany amin'ny Genesisy ka jereo hoe taiza izany no foy, jereo hoe tonga aiza izany. Ireo fanahy rehetra sy hetsika rehetra amin'izao andro izao dia miverina mankany amin'ny Genesisy. Izany no nataontsika, mba hanaporofo aminareo an'ireo zavatra izay hitanareo, ry sakaiza. Aza adino izany. Aza avela handalo eo an-tampon'ny lohanareo izany. Aoka hilentika ao anatinareo izany. Izany ireo zavatr'Andriamanitra. Tonga eo amin'ny loha iray izany; ary efa nilaza mialoha Jesosy fa ho tonga eo amin'ny loha iray indray izany amin'ny andro farany, ary ho amin'ny alàlan'ity izany: ny Tombokasen'Andriamanitra, sy ny mariky ny bibidia; ireo hery roa ara-panahy miasa miaraka.

135 Ankehitriny, mahafantatra ny olona rehetra fa ny Tombokasen'Andriamanitra dia ny fizokiana, ny batisan'ny Fanahy Masina. Efesiana 4:30, dia milaza hoe, "Aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, izay nanisiana tombokase anareo hatramin'ny andro fanavotana anareo." Rehefa nateraka indray izy ireo, dia feno ny Fanahy Masina. Ny Fanahy Masina no Fahaterahana vaovao, fantatsika izany. Ianareo dia—nateraky ny Fanahy ianareo, hanaiky an'izany aho. Saingy alohan'ny ahaterahanareo!

136 Misy zazakely iray izay nateraka tao an-kibon'ny reniny, manana karazana aina anankiray izy. Izany no aina, ary ny keliny . . . ireo sela kely ao anatin'ny vatany dia miolanolana sy mandaka ary mitsambikina tahaka an'*izao*. Fa rehefa teraka izy, izy dia mahazo ny . . . [Mitehaka ny tànany indray mandeha Rahalahy Branham, maka tahaka tehamaina iray—Mpand.] tahaka an'izao, ary avy eo dia mikiakiaka izy, lasa fanahy velona iray.

137 Ary afaka mandeha any am-piangonana ny zazakely iray ka manao hoe, "Oh, mino ny fiangonana aho. Izaho, handeha aho, hanao an'*ity* aho. Ary izaho dia tsara iray . . . Te-hanao ny tsara aho, te-hanao ny tsara aho." Saingy ny ilainy dia ny tehamainan'ny Filazantsara hamoha azy, hikiakiahana Fiainana Mandrakizay; ary miantsoantso ao anatiny ny Fanahy Masina, toy ny hoe tsy mbola niantsoantso mihitsy Izany tany aloha. Noho izany dia olom-baovao iray izy, nateraky ny Fanahy.

Avy eo dia manomboka mitombo, mihetsika, ary manana ny tenany ao amin'Andriamanitra; hitanareo, tahaka ny zazakely iray fotsiny, zazakely ara-boajanahary, manana ny tenany ao amin'izao tontolo izao.

138 Noho izany raha ravàna ity tabernakelin'ny tany ity, dia manana anankiray isika miandry, hitanareo. Azo antoka mihitsy tahaka ny nahatongavan'ilay vatana ara-boajanahary, dia misy vatana ara-panahy iray handray azy rehefa mivoaka avy ao amin'ny reniny izy. Ary rehefa mivoaka avy ao amin'ilay reny izy, ny tany, izany hoe, ao anatin'ny kibony izy ankehitriny, mitaraina, miantsoantso, (O Andriamanitra!), mitaraina, miasa mafy, miha-antitra, sy aretina, ary ny zavatra rehetra manafika azy, ary ilay fanahy ao anatiny mitady tany iray any ankoatran'ilay renirano. Mitaraina izy, miolanolana, mitsambikina, (eny, tompoko) satria misy aina ao anatiny ao izay velona mandrakizay. Ao anatin'ny vatana iray izay tsy maintsy ho faty izany. Ary indray andro any, tahaka ny reny iray namoaka an'ilay zazakely ara-boajanahary mihitsy, ka mandray an'izany ilay vatana ara-panahy; no hamoahan'ny tany, ka hilatsaka ilay vatan'ny ara-boajanahary, ka ilay vatana ara-batana . . . na ilay vatan-danitra no handramby azy any. Raha ravàna ity tabernakelin'ny tany ity, dia manana anankiray isika miandry. Izay no antony anadinoinareo an'ireo zavatr'izao tontolo izao. Maty izy ireo, aminareo. Io ilay Fanahy.

Diniho izany ankehitriny raha mandroso isika ankehitriny, ireo fanahy roa.

139 Ny Fanahy Masina no Fahaterahana vaovao, fantatsika izany. Izany dia ny nateraka indray, avy amin'ny Fanahin'Andriamanitra. Tahaka an'izany no ahaterahanareo, amin'ny alàlan'ny Fanahy. Nateraky ny Fanahy, izany no Fahaterahana vaovao. Eny àry. Nateraky ny Fanahy ianareo; avy eo rehefa nateraky ny Fanahy ianareo, dia feno ny Fanahy Masina. Eny àry.

140 Noho izany rehefa eto an-tany ireo roa ireo, ilay ara-boajanahary sy ilay ara-panahy, matetika ilay . . . Efa nahita an'izany aho. Ankehitriny eo am-pamaranana, dia tiako ny ho tonga eo amin'ny famaranana ankehitriny, amin'ny filazana an'ity mandritry ny minitra vitsy. Ao amin'ilay ara-boajanahary na ao amin'ilay ara-panahy, ny iray na ny iray . . . Ankehitriny manantena aho fa mahazo an'ity ny olona rehetra. Ankehitriny aoka hilamina sy hanaja mihitsy arak'izay vitanareo.

141 Ankehitriny, efa mba nahita an'izany ve ianareo? Mahita ianareo ao amin'ireo fiangonantsika amin'izao andro izao, na dia ao amin'ireo vondrona izay nanasarahantsika ny tenantsika aza ka nanao rafi-pandaminana; ary nahita an'izany rehetra izany isika. Ary nahita lehilahy iray ianareo nandray Soratra anankiray, ary, rahalahy, afaka maka an'izany Soratra izany

io lehilahy io ka manao azy ho velona indray, manao azy ho velona marina tokoa arak'izay nampanantenainy ato amin'ny Baiboly. Ary hahita azy manao an'izany ilay lehilahy manaraka, ka ho avy eo izy ary hanandrana hanao an'izany, fa tsy hahomby. Manantena aho fa mamaky ianareo ankehitriny. Tsy hahomby izy. Nahoana? Tsy voatsindrimandry ny Soratra ho azy. Manandrana maka tahaka fotsiny izy. Manandrana mihetsika tahaka ny zavatra iray izy. Izy tsy . . . Eny, angamba nirahin'olona izy. Angamba nisy lehilahy iray nanao hoe, "Eny, afaka manao an'ilay zavatra iray ihany ianao." Hitanareo, tahaka ny nolazain'i Jesosy mihitsy fa ho tahaka an'izany ilay izy. Milaza mialoha an'izany ny Baiboly amin'ny andro farany hoe, "Tahaka ny nanoheran'i Jana sy Jambra an'i Mosesy."

142 Nitsangana teo i Mosesy, ary nitsangana teo i Jambra. Dia nanipy ny tehiny i Mosesy, ka lasa menarana iray izany. "Nahoana," hoy i Farao, "avia eto, ry Jambra, afaka manao an'ilay zavatra iray ihany ianao." Dia nanao izy, hitanareo. Fa inona no nitranga? Avy eo dia nohanin'ny tehin'i Mosesy ny tehiny. Hitanareo, tonga voaseho ilay izy. Taiza ny tehiny?

143 Tahaka ny fiheverana ara-panamboloana fotsiny. Tahaka ny sasany amin'ireo momba ny fanahy izany. Izany dia tahaka ny sasany amin'ireo fiangonana izay mino ara-nofo, lavitra be. Ireo zavatry ny . . . Hoy izy ireo hoe, "Nahoana, ho an'ny andro iray hafa izany." Any ivelany tanteraka izy ireo. Fa diniho ity fanahy amin'ny andro farany ity fa handeha haka tahaka an'ilay tena Fanahy. Hitanareo? Eo no tonga ny olanareo. Mitovy marina tokoa amin'ilay anankiray izay tena izy, hitanareo; saingy tsy afaka hanao an'izany hiseho izy, tsy afaka hanao an'izany hihazona izy, tsy afaka hanao an'izany haharitra izy. O Andriamanitra!

144 Tonga ny olona ka manao hoe, "Izaho dia manana ny Fanahy Masina, ihany koa." Jereo ny fomba iainan'izy ireo; tsy maharitra avy amin'ny fifohazana anankiray hatramin'ny iray hafa ilay izy, avy amin'ny fivoriana iray hatramin'ny iray hafa. Tonga voaseho Izany, tsy manana an'Izany izy ireo. Raha nateraky ny Fanahin'Andriamanitra ny lehilahy iray, na ny vehivavy iray, dia manana ny vokatry ny Fanahy izy ireo. Mandeha ampahamasinana izy ireo. Miaina an'izany fiainana izany izy ireo. Hitanareo? Miala lavitra an'ireo zavatr'izao tontolo izao izy ireo. Miditra ao anatin'izy ireo Andriamanitra ary manao ny Tenany ho voaseho, ka manaporofo fa Izy no Andriamanitra miasa ao anatiny ao. Ilay hafa dia maka tahaka. Hitanareo?

145 Fakan-tahaka, izany no efa nisy teo amin'ny làlana rehetra, maka tahaka. Jereo i Isimaela, sy Isaka; ary ny midina rehetra, hitanareo, maka tahaka. Jereo i Mosesy mpaminany, ary jereo i Balama mpaminany. Hitanareo? Jereo hoe ahoana no niafaran'izy ireo! Jereo i Jodasy, ary jereo Jesosy.

146 Ary milaza mialoha Jesosy fa io Fanahy Masina io, amin'ny andro farany, no ho Tombokasen'Andriamanitra. Ankehitriny, inona no ho mariky ny bibidia? Ho izay mandà ny Tombokasen' Andriamanitra. Satria, ny rehetra izay tsy nanana ny Tombokasen'Andriamanitra no nanana ny mariky ny bibidia. Ary raha marika roa ara-panahy izany, dia ho marika marina iray an'Andriamanitra ny iray amin'izy ireo, ilay iray hafa ho apostazy. Afaka mahita an'izany ve ianareo?

147 Jereo ilay marika ao amin'ny Testamenta Taloha. Rehefa nitsoka ny trompetra, ilay jobily, isaky ny taona maro be, ireo—ireo andevo dia lasa afaka satria naneno ny trompetra. Eny, ny olona rehetra izay te-ho afaka, dia afaka nandeha. Fa ny sasany tamin'izy ireo, tiany ny ho andevo, noho izany dia nentin'izy ireo teo amin'ny alitara sy ny andrin'ny fiangonana izy ireny, ary noloahany tamin'ny haolo ny sofin'izy ireo. Ary voaisy marika mandrakizay izy ireo, nanompo an'io tompo io foana izy ireo.

148 Ary handre hafatra iray an'ny Filazantsara ianareo androany mikasika ny Fahamarinana hoe, "Ankehitriny dia afaka ny ho afaka ianareo raha tianareo ny ho afaka," miresaka aminareo Andriamanitra. Fa rehefa tonga eo amin'ilay sisin-tany eto ianareo ka mijery eny am-pita, ary manana ny fahalalana ny Fahamarinana, nefa avy eo mihodina, dia loahany eo amin'ny sofina ianareo ka ho mpino ara-tsaina iray foana. Ho mpivavaka ianareo ary handeha any am-piangonana, saingy tsy handray ny Fanahy Masina mihitsy. Hitanareo, amin'izay fotoana izay dia manompo an'izany ianareo amin'ny sisa amin'ny andronareo. Ankehitriny, ny mariky ny bibidia, na ny Tombokasen'Andriamanitra. Ary tena miha-manakaiky isika.

149 Ankehitriny, jereo, tsy maintsy voatsindrimandry ny Teny; mandre an'Izany, manaiky an'Izany, ary mihetsika eo amin'Izany. Olona maro no handre, saingy tsy hanaiky an'Izany.

Hilaza Andriamanitra hoe, "Izao no ora ho anareo."

150 "Tsy te-ho holy-roller iray aho. Izaho—tsy mila ny iray amin'Izany aho." Hitanareo, tsy manaiky an'Izany izy ireo.

151 Handeha any amin'ireo fivoriana isika, hidina ny Fanahy Masina lehibe. Nipetraka teo aho indray andro, rehefa niseho ny fahitana iray ka nilaza mialoha marina tokoa hoe inona. Hoy aho hoe, "Indro tonga ny lehilahy tanora iray." "Avia eto," nanao hetsika tamin'ilay mpampandroso, "tratry ny aretim-po ianao ary ianao dia mitady . . . "

"Hia. Marina mihitsy izany."

152 "Hitanao ve io vehivavy tonga eo io?" "Avia eto. Tratry ny fivontosana eo amin'ny nono ianao, ary eo amin'ny nono havia izany, ary ao amin'ny toerana iray tena ratsy ianao. Ary mpanota iray ianao ka tsy . . . "

"Marina mihitsy."

153 Nipetraka teo ireo lehilahy ireo, nijery manodidina, mpitory teny sy ny rehetra, nanao hoe, "ah-hah!" Mandeha mankany amin'ny fivoriana iray, mandinika ny Fanahy Masina mandeha mitety an'ilay fivoriana mihitsy ary miteny an'ireo tsiambaratelon'ny fo, ireo zavatra tahaka an'izany. Hoy izy ireo, "Mahafinaritra. Heveriko. Hia." Hitanareo? Oh, rahalahy! Hitanareo? Izany—izany no—izany no eo amin'ilay ilany hafa, nisy zavatra nitranga. Hanohy handeha avy hatrany ireo vehivavy, manao an'ilay zavatra iray ihany. Hanohy hiverina avy hatrany ireo lehilahy, tahaka ny kisoavavy iray mankany amin'ny fotany sy alika iray mankany amin'ny lòany, na izany aza. Tsy hitanareo ve? Ankehitriny aho dia miresaka amin'ilay ma-. . . ilay . . .

154 Hitanareo, tsy maintsy mahalala ianareo arak'izany, ry sakaiza, hoe toerana inona no misy anareo. Izany no anton'ity horonam-peo ity, hoy aho hoe, "Ho an'ny fiangonana irery ihany." Hitanareo? "Ny fiangonana irery ihany." Raha nantsoina avy tao amin'ny hazavana ianareo . . . avy ao amin'ny aizina mankany amin'ny Hazavana, avy amin'ny fahafatesana mankany amin'ny Fiainana; avy tamin'ny fiheverana ara-pototra, ara-tsaina ny amin'i Kristy, mankany amin'ny fahatsapan'ny fahaterahana indray; ary mandinika ny fiainanareo, hoe mametraka eny amin'ilany an'ireo zavatr'izao tontolo izao, ary manohana an'i Kristy, na inona na inona; amin'izay fotoana izay dia nisy zavatra nitranga. Hitanareo? Misy zavatra ao anatinareo, noana sy mihetsika, tahaka ny tamin'i Jakoba. Hitanareo, mifampitolona amin'ny Tompo ianareo, hafa ny fandehanareo aorian'izany. Misy zavatra hafa ao anatinareo, niova ianareo.

155 Ankehitriny, izany dia, alohan'ny ahafahan'izany ho vita, dia tsy maintsy voatsindrimandry taminareo izany. Tsy ahoako, afaka mitsangana eto aho ka mitory teny mandrapahatonga ahy . . . ny volo rehetra sisa tavela ananako dia mihintsana, mandra-pilatsak'ireo soroko ka sivifolo taona aho, ary mihaino ahy isan'andro ianareo; raha tsy Andriamanitra no mamelombelona an'izany ho anareo, dia mbola ao amin'ilay toerana iray ihany foana ianareo.

156 Roa andro no nianarako sy nivavahako teo amin'ity. Hitanareo? Hoy aho hoe, "Tompo, tokony ho lazaiko amin'ny fiangonana ve izany?"

157 Nisy Zavatra nanao hoe, "Lazao ilay izy. Antomotra ny ora. Lazao ilay izy." Tsapako fa hisintona ahy hiala tsy ho ela mihitsy Izy, noho izany aho—tiako ho fantatrareo ilay izy.

158 "Tsy misy olona mahay manatona Ahy," hoy Jesosy, "raha tsy Ny Raiko no mitarika azy aloha. Oh, Fantatro fa milaza ianareo hoe manana an'Andriamanitra sy Abrahama, ho rainareo; fa Teneniko aminareo ity, ianareo no . . . ny devoly

no rainareo," hoy Jesosy. Lehilahy mpivavaka, mpisorona, ary lehilahy malaza, "Ianareo dia avy amin'ny devoly, rainareo." Hitanareo? Mariho, ireo vokatry ny Fanahy.

159 Ankehitriny, hitanareo, tsy maintsy velombelomina izany ho anareo.

160 Tsy azoko eritreretina i Noa nanao hoe, "Mba fantatrao moa? Ilay izy tsy maintsy mety hanorana fotsiny indray andro any, noho izany dia handeha aho ka hanorina sambofiara iray ho ahy. Raha manorana ny andro, eny, dia hiditra ao anatin'ilay sambofiara aho ka hiala avy hatrany. Ary tsy hisy na inona na inona hanelingelina ahy, satria hiditra ao anatin'ilay sambofiara aho ka hiala." Azonareo eritreretina ve? Tsia. Tsia. Tsy izany ilay izy. Raha izany ilay izy . . . Oh, enga anie handre an'izany ilay Voafidy ankehitriny. Raha efa izany ilay izy, amin'ny fandalovan'ny mpamingavinga voalohany, araka ny nolazain'ny Baiboly fa nisy teo, namingavinga azy, dia ho nametraka ny maritoany izy ka lasa nandeha.

161 Tahaka ny ataon'ireo lehilahy amin'izao andro izao, izay manomboka miaraka amin'i Jesosy; ary rehefa mandinika izy ireo ka mahita ny Fahamarinana, dia mihemotra manalavitra an'Izany. Tsy afaka mahatanty an'Izany izy ireo.

162 Tahaka ny nolazain'ilay evanjelista malaza hoe, "Izany dia—handrava ny asam-panompoako izany." Tsy ahoako ny asam-panompoana iray izay ho ravan'ny Fanahy Masina. Tokony ho rava izany. Ankehitriny, fa, hitanareo, fireharehana izany, lehilahy malaza toy izany, olona malaza toy izany. Oh, mariho ao amin'ity ankehitriny.

163 Tany an-tsaha i Noa, ary nandre izy, sy nanaiky, ary nihetsika izy. Tsy mampaninona na mpamingavinga firy no tonga, nanorina avy hatrany izy.

"Noa, holy-roller iray ianao."

164 "Tsy manelingelina ahy izany na kely aza." Nanorina hatrany! Efa nandre izy. Efa nanaiky an'izany ho Andriamanitra izy, nitsara an'izany tamin'ny alàlan'ny Soratra izy, ary marina ilay izy. Nanohy nanorina an'ilay sambofiara avy hatrany izy, na inona na inona.

165 Azonareo eritreretina ve, efa mba noeritreretinareo ve izany, hoe Mosesy, teny amin'ny làlany nankany Egypta, nandeha indray andro ka nilaza tamin'i Zipora, vadiny hoe, "Zipora, mba fantatrao moa? Nodioviko tsara ny sasany tamin'ny gramerako. Nahitsiko kely daholo ireo matematikako, ary ny sasany tamin'ny rafitsarako sy, oh, zavatra hafa maro, ary ny fianarako. Efa hatramin'ny niandrasako ondry teto ambadika teto, izaho—izaho—dia nanadio ny sasany tamin'izany aho. Nanao fahadisoana iray aho tany Egypta. Heveriko fa handeha aho ka hanitsy an'izany. Heveriko fa handeha aho"? Tsia, ny onja voalohany tonga nanohitra azy, dia ho lavo teo no ho eo izy.

166 Inona no nataony? Nohadinoiny ny rehetra izay hany fantany mikasika ny rafitsara sy mikasika ny fahaizany. Izany no anankiray izay nampiditra azy tao anatin'ny olana.

167 Izany no mampiditra ny fiangonana ao anatin'ny olana amin'izao andro izao, dia ireo mpitory teny be loatra nianatra nefa tsy nateraky ny Fanahy. Tia mihaino kabary ara-tsaina ireo lehilahy sy vehivavy, raha tokony hitory ny hery sy ny fitsanganan'i Jesosy Kristy. Izany no mitondra antsika ao anatin'ny olana amin'izao andro izao. Tsy mila sekoly ambony sy fianarana ho an'ireo mpitory teny intsony isika. Mila lehilahy nantsoin'Andriamanitra izay feno ny Fanahy Masina isika, fa tsy teolojia iray nataon'olona avy amin'ny anaram-piangonana iray. Mila lehilahy nantsoin'Andriamanitra isika.

168 Niandry ondry i Mosesy, tafapetraka ary nanadino. Fantany fa tsy nahomby ireo fahaizany. Fantany fa tsy nahomby taminy ny fianarany. Niandry ondry izy, saingy nandre izy, oh, "Esory ny kapanao, ry Mosesy, fa masina ny tany izay itsangananao." Nihaino an'izany izy. Inona izany? Ny Feon'ilay Anjely izay niteny dia ara-tSoratra. Nampanantena an'i Abrahama Izy, ny rainy hoe, "Hamangy ny olona Aho aorian'ny naha-tany azy ireo nandritry ny efajato taona, ka hamoaka azy ireo amin'ny sandry mahery Aho." Nanaiky izy fa izany no Soratr'Andriamanitra tonga voaseho.

169 Mamelà ahy hijanona iray minitra. Aoka hilentika izao. Afaka mahita an'izay resahako ve ianareo androany? Tonga voaseho eo anatrehanareo mihitsy ny Tenin'Andriamanitra, nefa tsy fantatrareo izany. Eritrereto ankehitriny ny amin'i Sodoma sy Gomora; eritrereto ny teny fikasan'i Kristy ho an'ny andro farany.

170 Nanaiky an'izany i Mosesy; ara-tSoratra izany, teny fikasana iray izany. Nandre izy, nanaiky izy. Nisy zavatra tonga tao aminy, rahalahy, afaka nandeha nanao an'izany izy avy eo. Nihetsika izy. Afaka nidina izy ka nampijanona ny Farao tsirairay. Afaka niantso loza izy raha tiany ny hiantso. Afaka nanokatra Ranomasina Mena iray izy, satria efa nandre izy, efa nanaiky izy, nihetsika teo amin'ny toeran'Andriamanitra izy.

"Ho Andriamanitra Aho aminao, ianao ho mpaminany Amiko," hoy Izy.

Dia hoy izy hoe, "Tsy afaka hanao an'izany aho."

171 Hoy Izy hoe, "Eny, noho izany, dia ho andriamanitra ianao, ary aoka i Arona ho mpaminaninao. Tsy maintsy mandeha ianao, na ahoana na ahoana."

172 Tsy nilaza fotsiny mihitsy izy hoe, "Eny, angamba tokony hidina aho ka hanitsy an'ireo zavatra."

173 Azonareo eritreretina ve i Elia teny an-Tendrombohitra Karmela, nanao hoe, "Fantatrao, ity firenena ity dia mpanota

mahatsiravina, angamba, angamba tokony handeha aho ka hiteny amin'i Ahaba hoe tokony ho menatra ny tenany izy. Angamba tokony hiakatra eny an-tendrombohitra eny aho ka hipetraka, ary hifady hanina tena ela fotsiny, hany ka ho leo mijery ahy matin'ny hanoanana eo ireo olona ireo"? Tsia. Tsia. Tsy izany ilay izy.

174 Fa nandre izy, dia nanaiky, ary nihetsika izy. "Efa nandidy an'ireo goaika Aho hamahana anao. Miakara eny, eo akaikin'i Kerita."

175 Rehefa tonga ny fotoan'ny fampisehoan-kery iray teo amin'i Bala sy Andriamanitra, dia hoy izy hoe, "Mandehana, ento ny fanatitrareo, ataovy amin'izy ireo ny zavatra rehetra tianareo hatao, ka antsoy ny andriamanitrareo." Rehefa nitetika ny tenany izy ireo, ary nanana nofo betsaka, ka nitsambikina ambony-sy-ambany, nanao tabataba betsaka, dia hoy izy hoe, "Mihorakoraha mafimafy kely kokoa, lasa angamba izy, nanenjika any ho any. Mety matory izy." Oh, rahalahy!

176 "Eny, mba fantatrao moa?" Hoy izy hoe, "Mpino iray an'i Jehovah aho, noho izany dia afaka manao an'ity aho, na ahoana na ahoana." Oh, tsia, aza maka tahaka an'izany. Tsia. Aza manandrana ny ho Elia raha tsy Andriamanitra no miantso anareo ho izany. Eny, tompoko. "Mpanompon'i Jehovah aho." Tany dia nisy fitonjato tamin'izy ireo, ihany koa, saingy tsy nisy iray tamin'izy ireo sahy nanao an'ilay izy.

177 Noho izany rehefa nandidy an'ilay ombilahy izy ka nandraraka rano teo amboniny, dia hoy izy hoe, "Tompo, nanao an'izao aho araka ny Didinao." Jereo ilay . . . Raha nisy olon-kafa nanandrana, dia ho tsy fahombiazana manontolo iray izany.

178 Tsy maintsy voatsindrimandry ho anareo! Ny Fanahy Masina no tsy maintsy mitondra an'izany ka manao an'izany ho voaseho ho anareo.

179 Izany ilay olana amin'izao andro izao. Tsy afaka mitsangana ianareo, eo amin'ny alitara, ka manao hoe, "Eny, Haleloia, Haleloia. Tompo, mila ny Fanahy Masina aho. Haleloia, Haleloia." Tsia.

180 Fa, rahalahy, ranabavy, rehefa nanindrimandry an'io Teny io ho anareo ny Fanahy Masina, dia ho azonareo Izany alohan'ny ialanareo amin'ny sezanareo. Misy zavatra mandoro ao anatinareo. Ilay mpitory teny dia tsy hila hiteny aminareo hoe ataovy *ity* ary ataovy *itsy*. Hihintsana fotsiny ireo ravina antitra, ka ho tonga ireo ravina vaovao. Voatsindrimandry ho anareo izany. Tsy ho tezitra amin'ilay mpitory teny ianareo rehefa mitory ny Fahamarinana avy ao amin'ny Baiboly izy. Ho tianareo Izany, hanakatra an'Izany. Izany no Sakafo ho an'ny fanahinareo.

181 Na dia Jesosy aza, Izy tenany, hoy Izy hoe, "Tsy manao an'izay Tiako atao Aho, amin'ny Tenako. Ny Zanaka tsy

afaka manao afa-tsy izay Hitany ataon'ny Ray." Ireo Teny . . . Izy no Imanoela, Izy tenany. Izy no Andriamanitra teto antany; Jesosy izany. Izy no nofo izay nonenan'Andriamanitra. Izy no tranolay izay nipetrahan'Andriamanitra. Amena. Fa ao amin'ny rehetra amin'izany, ilay Zanak'Andriamanitra nateraky ny virijiny, Imanoela tao amin'ny fahafenoan'ny Fanahy, Izy no nanana ny Fanahy tsy nisy refy. Ary, kanefa, tao amin'ny Nofony Manokana, dia hoy Izy hoe, "Tsy manao na inona na inona Aho raha tsy ny Ray no maneho Amiko aloha." Voatsindrimandry ho Azy, ny hanao an'izany!

182 Hoy i Satana hoe, "Avadiho ho mofo ireto vato ireto, ka manaova fahagagana iray. Avelao aho hahita Anao manao an'izany."

183 Hoy Izy hoe, "Voasoratra hoe, 'Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona.'" Oh, oadray! Fa rehefa noana ny vahoaka betsaka, dia naka bisky dimy sy trondro kely roa Izy, ka namahana dimy arivo. Oh, Haleloia! Hitanareo ve izay tiako lazaina?

184 Aza manandrana maka tahaka. Izany ilay olana amin'ny Pentekosta amin'izao andro izao. Izany ilay olana amin'ny fiangonana amin'izao andro izao, misy maro loatra ny manandrana maka tahaka hoe manana ny Fanahy Masina izy ireo. Misy maro loatra ny manandrana maka tahaka ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Misy maro loatra ny manandrana maka tahaka an'ireo zavatra samihafa an'ny Tompo. Tsy afaka manao an'izany ianareo. Ireo zavatra ireo dia tonga amin'ny alàlan'ny fifidianana, antson'Andriamanitra, nivoaka avy ao amin'ny kibon'ny reny niaraka tamin'izany ianareo. "Ireo fanomezam-pahasoavana sy antso dia tsy misy anenenana." Oh, oadray! Marina izany. Tsy afaka manao ny tenanareo ho zavatra iray izay tsy maha-izy anareo ianareo.

185 Fa raha Andriamanitra no miantso anareo, dia aoka ho ilay olona mankasitraka indrindra eto amin'izao tontolo izao satria Izy no niantso anareo. Amin'izay fotoana izay dia ho lasa tena misy aminareo ilay izy.

186 Araka ny horesahako, raha nanana fotoana aho, mikasika an'ireo vontsira indray andro, saiky nanova ahy. Tsy mbola nahita an'izany mihitsy aho tany aloha, ary tsy afaka nanao an'izany. Hattie, mipetraka iry aoriana iry mijery ahy. Ahoana no mba nahafahan'izany nitranga? Tsy nety ho vita izany, saingy voatsindrimandry izany, novelombelomina. Voateny ny Teny dia tanteraka ilay izy. Haleloia!

187 Paoly, azonareo eritreretina ve izy nanao hoe, "Efa teto ambonin'ity ranomasina ity aho nandritry ny efapolo andro sy alina, ary tsy nisy kintana na volana, na ny masoandro na inona na inona. Ataoko fa hiakatra fotsiny aho ka hiteny amin'izy ireo hoe, 'Mahereza tsara, satria hikarakara antsika

Andriamanitra, na ahoana na ahoana'"? Oh, tsy miasa tahaka an'izany Andriamanitra. Tsy manao an'izany Andriamanitra.

188 Mety tsara ny finoanao, rahalahy. Mahafinaritra ny finoanao. Saingy mandra-pahatongan'ilay zavatra ho voatsindrimandry ho anao!

189 Oh, indro ny jiro mena iray mihantona eo, ary raha hitako. . . Hoy aho hoe, "Eny, apetrako eo amin'ny fanitsahana mampandeha mafy ny tongotro. Manana fiara iray aho. Afaka mandeha mihoatra an'io jiro eo io aho, manao roapolo amby zato maily isan'ora." Marina izany. "Afaka mahatsapa an'ilay hery ao ambanin'ny tongotro aho." Saingy tsaratsara kokoa aminareo ny miandry hatramin'ilay famantarana "mandeha." Haleloia!

190 Azonareo ve izay tiako lazaina? [Mamaly ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Rehefa tonga ilay famantarana "mandeha," dia mety tsara. Rehefa voatsindrimandry ho anareo ilay zavatra, ka Andriamanitra no mampahafantatra an'izany tahaka ny Nataony tany aoriana tany, dia mety tsara. Fa mandra-Panaony an'izany, dia manana andiana Jodasikariana maka tahaka isika, mandehandeha eo ohatra, manao hoe, "Eny, mitovy amin'izy ireo mihitsy aho. Izaho dia Kristiana iray, ihany koa."

191 Oh, tsy tsaroanareo ve? Ireo zanakalahin'i Skeva—Skeva, nivoaka ka nanao hoe, "Mampianiana anareo izahay, mampianiana anareo amin'ny Anaran'i Jesosy izay torian'i Paoly. Mivoaha!"

Hoy izy hoe, "Fantatro i Paoly, ary fantatro Jesosy, fa iza ianareo?"

192 Tonga ny ora izay isian'ny marina sy ny diso ho tonga voaseho. Miseho ao amin'ireo Kristiana izany amin'izao andro izao. Miseho ao amin'ireo fiangonana izany amin'izao andro izao. Miseho ao amin'ireo olona izany amin'izao andro izao. Mihazona anareo ela aho; tiako ho azonareo ity.

193 Tsy nilaza mihitsy i Paoly hoe, "Mino aho fa handeha hiakatra ka hanao hoe, 'Eny, aoka hahery tsara.'" Tsia.

194 Inona no nataony? Nandre Anjely iray izy. Fantany fa io ilay Anjely iray ihany izay niresaka taminy isan'andro. Nanaiky izy, avy eo dia nihetsika. Nandeha niakatra ka nanao hoe, "Aoka hahery tsara. Satria ilay Anjelin'ny Tompo, Izay izaho no mpanompony, dia nitsangana teo anilako omaly hariva, dia naneho tamiko fahitana iray fa tsy hisy na inona na inona ho very, eto amin'ity sambo ity. Aoka hahery tsara. Mandehana hano ny sakafonareo ankehitriny. Mety tsara ny zavatra rehetra." Amena. Rehefa voatsindrimandry ho anareo ilay izy, rehefa Andriamanitra no manao azy ho marina!

195 Nanao fanamarihana iray aho teto tany ho any, nandray naoty aho. Ity eto ity mihitsy izany. Ah-hah. Eo amin'ny fiafaran'ny zavatra rehetra isika. Mamelà ahy

hampiditra an'ity fotsiny tahaka an'izao ankehitriny, eo ampamaranana. Manantena aho fa nanambara zavatra taminareo Andriamanitra. Jereo. Ny zavatra rehetra dia eo amin'ny fiafarana. Nanontany ahy ny olona iray indray hariva, mino aho fa Rahalahy Fred Sothmann ilay izy, nanontany izahay mikasika ny hoe akaiky toy ny ahoana ny andro farany.

196 Nahita an'io famantarana io tena voaseho i Rahalahy Demos Shakarian, ary niseho dimy andro taty aoriana, tanteraka mihitsy, toy ny hoe nanala azy avy tao amin'ny kirarony fotsiny ilay izy. Niantso ahy izy. Hoy izy hoe, "Manao ahoana i Joseph?"

Hoy aho hoe, "Mety tsara."

Hoy izy, "Mahita fahitana ve izy?"

197 Hoy aho hoe, "Eny. Niteny tamiko ny amin'i David izy, zanakalahin-dRahalahy Wood, hoe taiza no nianjerany avy teo amin'ny môtô iray, telo na efatra andro talohan'ny nitrangan'izany, marina tokoa."

Hoy izy hoe, "Fantatrao, manaraka ny fianakaviana ireo zavatra ireo."

198 Hoy aho hoe, "Marina na ratsy, dia manaraka, ny iray na ny iray. Manaraka ny fianakaviana izany."

199 Dia niresaka kely fotsiny izahay, ary izy ireo, hoy i Fred tamiko hoe, "Avy taiza no nosintonina izany, Rahalahy Branham?"

200 Hoy aho hoe, "Jereo, Fred, ndao alaintsika amin'ny alàlan'ny natiora izany. Miasa ao amin'ny Natiorany Andriamanitra. Jereo, diniho izay mitranga. Miposaka avy any Atsinanana ny masoandro. Izany ilay fandrosoana tranainy indrindra izay ananantsika, dia i Chine." Mahafantatra an'izany isika rehetra.

201 Ny fandrosoana tranainy indrindra izay ananantsika dia i Chine. Eny àry. Ary mifindra miankandrefana hatrany ny fandrosoana. Ankehitriny dia aiza ianareo no handeha raha niala tamin'ny Morontsiraka Andrefana, mandeha mankany ampita avy hatrany? Mandeha mankany Chine. Marina tokoa. Eo amin'ny farany isika. Ny Baiboly no nilaza, ny mpaminany no nilaza hoe, "Hisy andro iray izay tsy ho alina na andro, rehefa mandalo ny masoandro, fa amin'ny andro hariva," alohan'ny hiafarany eto mihitsy, "hisy Hazavana indray, ilay iray ihany." Hoy Jesosy hoe, "Hisy loha-orana iray sy fara-orana iray. Ary ilay fara-orana dia hamokatra ny loha-orana sy ny fara-orana, amin'ny vanim-potoana iray ihany." Eo amin'ny andro farany isika.

202 Jereo eto, mamelà ahy haneho aminareo. Eo amin'ny fiafarana ny politika. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Anehoy zavatra iray aho amin'izao andro izao . . .

Ity firenena ity no ratsy indrindra eto amin'izao tontolo izao, nohon'ny kolikoly, tsy fahamasinana. Iza no namaky ny gazety Journal Courier indray hariva, tany Louisville, rehefa ireo vehivavy rehetra ireo, no nandefa, ny firenena tsirairay, an'ilay vehivavy tsara tarehy indrindra tao amin'ny firenena, ka nanangana azy ireo ho Miss Universe? Nandefa ny olona rehetra afa-tsy i Rosia. Ary naniraka nankany amin'i Khrushchev izy ireo ka nanontany azy hoe, "Nahoana no tsy?" Hoy izy hoe, "Tsy manaboridana ny vehivaviny i Rosia, mba handeha eo anatrehan'ny lehilahy." Firenena mpanompo sampy iray, tsy masina no manipy latsa eo amintsika izay miantso ny tenantsika hoe Kristiana, nanao hoe, "Tsy manaboridana ny vehivaviny i Rosia, mba handeha hivoaka tahaka an'izany. Ary tsy mahita sorta na karazan-javatra tahaka an'izany mihitsy ianareo ao Rosia." Izany ilay tsy masina. Ary isika izay miantso ny tenantsika hoe "Kristiana"!

203 Tsy mahagaga raha hoy ny Baiboly hoe, "Lasa feno lò ny latabatra rehetra. Ary iza no azoko ampianarina Foto-pampianarana, ary iza no nitsahatra tsy minono? Fa fitsipika hanampy fitsipika, ary didy hanampy didy. Fa amin'ny molotra miambakambaka sy fiteny hafa no Hitenenako amin'ity vahoaka ity. Ary ity no Fitsaharana. Satria ity rehetra ity, tsy te-hihaino izy ireo." Manana ny fiheverantsika ara-tsaina manokana isika. Oh, tsara toy ny ahoana ny hijanona mandritry ny andro manontolo eo amin'Izany.

204 Politika, lò! Demokraty, Repoblikana, sy ny rehetra, dia ambany. Inona izany? Andiana risoriso izany. Ny olona tsirairay izay miasa ao anatin'izany, izay tsy nateraka indray, dia avy amin'ny devoly. Hoy ny devoly hoe, "Ahy ny fanjakana rehetra eto amin'izao tontolo izao," ary tsy niady hevitra taminy mihitsy i Jesosy. Fehezin'ny devoly izao tontolo izao. Ary ny olona tsirairay izay miasa ho an'ny governemanta, raha tsy Kristiana iray izy, dia avy amin'ny devoly ary miasa ho an'ny devoly. Ireo firenena ireo dia hiverina amin'i Jesosy Kristy daholo rehefa tonga Izy, hisy Arivo taona iray.

205 Jereo eto amin'izao andro izao, izay ataon'izy ireo ankehitriny. Mihorakoraka ahy mikasika ny fandaniana vola sasantsasany any ho an'ireo Kristiana, ka te-hanome ahy roapolo taona ao amin'ny fonjam-panjakana, nohon'ny nandaniana vola mba hampandeha hetsika ara-pivavahana iray. Nefa ny whisky sy labiera ary sigara dia mamela folo tapitrisa dolara isan-taona, mba handotoana ny firenena. Ary izaho izay miezaka mitory ny fahamarinana, mitsangana eo am-baravaran'i Jesosy Kristy, nefa mandefa ahy any an-tranomaizina noho izany. Ary mandray ny karazan-javatra tahaka an'izany avy amin'ny ratsy, ambany, manan-tsaina, fahaizana, ka manao azy ireo havela ho an'ireo fandaharan'ny televiziona izay manimba an'izao tontolo izao, mandefa vehivavy ho an'ireo alika. Iray

amin'ireo ozona lehibe indrindra izay hany azon'ilay firenena, nefa milamindamina amin'izany izy ireo. Mandefa ahy any an-tranomaizina izy ireo nohon'ny fitoriana ny Filazantsara, maka dolara vitsy eto mba—mba hitoriana ny Filazantsara, izay omen'ny olona ahy hitoriana ny Filazantsara. Tsy manankarena aho ary tsy afaka mamela an'izany. Kanefa te-handefa ahy any an-tranomaizina izy ireo, hihazona ahy roa taona, ary hahazo raharaham-pitsarana ho avy tsy ho ela. Oh, ambany toy ny ahoana, maloto toy ny ahoana! Andriamanitra, mamindrà fo.

206 Hilaza an'ity zavatra anankiray ity aho, angamba izany no fomba ataon'Andriamanitra alohan'ny Andefasany baomba atomika iray. Tsy maintsy manao zavatra ratsy ianareo, fantatrareo. Tsy maintsy mikasika ny Voahosony indray mandeha ianareo, ho an'ity Soratra iray ity ihany, fandrao izany . . . "Aza mikasika Ny Voafidiko." Marina izany. Noho izany raha tsy maintsy ilaina izany mba hitondra fitsarana, tahaka ny tamin'ny andron'i Daniela na any an-kafa any ho any, dia avelao ho tonga izany. Mpanomponao aho, Tompo. Marina izany. Oh, eny.

207 Politika, ambany! Firenena, lò! Eny, jereo hoe inona! Hampanao sorta an'ireo miaramila izy ireo ankehitriny. Oh, oadray! Politika, ady! Eo amin'ny fiafarana ny politika. Diso ireo mpanao didy jadona. Diso ny politika. Nahoana izy ireo no tsy nijanona niaraka tamin'ny mpanjaka masina iray tahaka ny nomen'Andriamanitra azy ireo, Davida? Nilaza ilay tompon'i Angletera malaza, rehefa ity—rehefa niforona ity demokrasia ity, nanao hoe, "Mety tsara izany ankehitriny, saingy ho avy ny fotoana," hoy izy, "ho tsinontsinona izany. Hisosa izany rehetra izany fa tsy hanana vatofantsika." Ary marina ny azy. Hoy izy, "Mitsangana eo ambonin'ny boatin-tsavony ireo politisiana eny amin'ny zorony rehetra, ireo karazana fisolokian-javatra rehetra izay manimba ny governemanta." Ary marina ny an'ilay lehilahy. Izany marina tokoa no miseho.

208 Afaka mivoaka eto ny lehilahy iray, ary mandeha manerana eto ka manao mamo, ary mandrava ny zavatra rehetra izay tiany ravàna; ary mandeha eo, fantany ny olona rehetra, noho izany dia tsy misy na inona na inona nolazaina. Avelao ny lehilahy mahantra iray, na olona iray izay tsy mahafantatra, hanandrana hanao an'ilay izy, fa alefa any an-tranomaizina izy ireo. Kolikoly, ambany, loto, efapolo isan-jaton'izy ireo dia lehilahy manambady lehilahy. Eritrereto izany, Sodoma sy Gomora indray! Io ilay vondrona, natao ho mpivavaka.

209 Izaho—manontany aho hoe inona no miseho manaraka, rehefa tonga ilay Filoha manaraka? Nanome antsika lehilahy masina tsara anankiray Andriamanitra, Dwight Eisenhower antitra. Ary ankehitriny aho dia ma- . . . Diniho ilay zavatra manaraka izay tonga. Ary mety hanana voalavo anankiray isika amin'ny manaraka, tena azo antoka. Fa ho avy, "Ny Farao iray

izay tsy mahafantatra an'i Josefa." Tsarovy izany. Ho tonga eo amin'izany aho afaka iray segondra fotsiny. Lò ny politika. Fantatsika izany.

210 Eo amin'ny fiafarany ny ady. Oh, nifampitora-bato izy ireo indray mandeha, nifampikapoka famaky vato teo amin'ny loha, avy eo dia nitifitra tsipìka sy zana-tsipìka. Avy eo dia nanana basy izy ireo, avy eo basy marovava, avy eo valo amby valopolo tany Alemaina, ary basy tena goavana miaraka amintsika. Avy eo dia nanipy grenady sy entona misy poizina izy ireo. Fa manana bomba hydrogène iray izy ireo ankehitriny. Eo amin'ny fiafarana ny ady. Manana azy ireny ny firenena tsirairay, noho izany dia inona no hataonareo ankehitriny? Na dia firenena kely iray aza amin'izao andro izao, manindry fanapihana iray fotsiny, izay ihany no tokony hataon'izy ireo, dia hipoaka tanteraka izy. Eo amin'ny fiafarana ny ady. Hah! Amena. Eo amin'ny fiafarana ny ady. Eo amin'ny fiafarana ny politika.

211 Eo amin'ny fiafarana ny fianarana. Eo amin'ny fiafarana ny ditran-jatovo. Ireo ankizy, tsy misy fanantenana ho an'ireo ankizy, lasa marary saina izy ireo. Tsy afaka manana fianarana ianareo. Tsy afaka mandeha any am-pianarana ianareo eto ka hanana, hahita ankizy miaraka amin'ny fianarana. Izy dia ny—zanaky ny helo indroa izy rehefa mivoaka mihoatra noho ny idirany. Avelao hilaza zavatra iray mikasika an'izany ilay mpampianatra, ho vonoina izy. Hanao Klux kely iray izy ireo ka handeha eo ary hitifitra an'ilay mpampianatra, hitondra azy ary hanantona azy. Nahavery mpampianatra roa arivo isika. Oh, andraso iray minitra, mino aho fa mpampianatra roa alina ilay izy, tamin'iny taona lasa iny. Tsy manome tsiny azy ireo aho. Izaho tsy te-hanao an'izany, ihany koa. Ankehitriny dia mametaka peta-drindrina izy ireo isan'andro hoe, "Omeo fianaran'ny kolejy ireo ankizy ireo." Tena ilain'izy ireo izany, saingy ny devoly no nahazo azy ireo. Ny devoly no nahazo azy ireo. Ary tsy hoe ara-dalàna fotsiny ihany ny mivoaka ka manao ratsy ary—ary—ary manongotra vavahady iray ka manantona azy eo amin'ny hazo amin'ny alin'ny Halloween, na manao hadalana kely iray tahaka ny mahazatra an'ireo ankizy, na maka voatiry iray an'ny mpamboly ka mametraka azy eo amin'ny làlana, tsy tahaka an'izany; saingy marary saina izy ireo. Manao zavatra izay hadalana izy ireo; mitifitra anareo, mamono anareo, mahafaty anareo, manapoizina anareo, ny zavatra rehetra. Izany ilay taranaka manaraka.

212 Eo amin'ny fiafarana ny fiterahana, ny maha-vehivavy, ny maha-reny. Nahoana, fandrindram-piterahana hatraiza hatraiza, fa alika kely no naka ny toerana.

213 Fitondran-tena, tsy misy fitondran-tena intsony amin'izany. Ireo vehivavy, miakanjo ratsy; miseho eo amin'ny televiziona, ireo karazana fakan-tahaka rehetra an'ireo olon-dratsin'i

Hollywood, ireo karazan-javatra rehetra, lamaody. Ny rehetra eo amin'ny fiafarana!

214 Eo amin'ny fiafarana ny fianarana. Eo amin'ny fiafarana ny politika. Eo amin'ny fiafarana ny ady. Eo amin'ny fiafarana ny fandrosoana. Eo amin'ny fiafarana ireo zavatra rehetra ireo. Oadray, inona àry no azontsika hatao? Inona ny manaraka? Eo amin'ny fiafaran'ny zavatra rehetra isika.

215 Ankehitriny dia eo amin'ny fiafarana ny fiainampiangonana, ilay fiangonana tsotra, ilay fiangonana. Ankehitriny, mety hanindrona kely fotsiny ity, saingy ilay fiangonana ara-nofo, ilay fiangonan'i Esao, tonga eo amin'ny fiafarany izy. Inona no ataony? Miafara ao amin'ny federasionin'ireo fiangonana, izay hikambana amin'ny Romanisma amin'ny farany, hiady amin'ny Katolisisma . . . na miaraka amin'ny Katolisisma hiady amin'ny kominisma. Miantso ny fiangonana rehetra i Papa Jean mba hiverina, ary hiverina izy ireo. Ary hanakambana ny tenany miaraka izy ireo, izany marina tokoa ny HOY NY TOMPO HOE.

216 Hoy ianareo hoe, "Andraso iray minitra, Rahalahy Branham. Mivoaka amin'ilay laharana ianao." Raha mivoaka aho, dia Andriamanitra izay nanoratra Ny Baiboliny no nivoaka ny laharana. Tsy maintsy ho Mikaia ianareo, eo amin'ity zavamisy ity.

217 Nilaza tamiko i Morris Cerullo indray hariva, hoy izy, "Aiza ilay antikristy, Rahalahy Branham? Ny Jiosy no antikristy."

Hoy aho hoe, "Morris! Ary ianao, Jiosy iray ve?"

Hoy izy hoe, "Izy ireo no mpankahala an'Andriamanitra lehibe indrindra izay misy."

218 Hoy aho hoe, "Morris, tsia! Teneno amiko ao amin'ny Soratra hoe avy ao Jerosalema no ivoahan'ny antikristy. Mivoaka avy ao Roma ny antikristy, fa tsy avy ao Palestina."

Hoy izy hoe, "Eny, jereo, izaho dia . . . Mpankahala an'Andriamanitra izy ireo."

219 "Eny, tsy nilaza ve Andriamanitra fa Izy no nanajamba ny mason'izy ireo mba ahafahantsika hanana andro iray hahitana? Fa ho tapitra tsy ho ela ny androntsika."

220 Hoy izy hoe, "Oh, Rahalahy Branham, tsy nieritreritra an'izany mihitsy aho." Hitanareo, eo ianareo izao.

221 Hitanareo, eo amin'ny fiafarana isika. Ilay izao tontolo izao ara-nofo, ilay fiangonana ara-nofo dia eo amin'izany, fiafarana. Diniho hoe ahoana no iafaran'izany ao amin'ny federasionin'ireo fiangonana. Niditra tao anatin'izy ireo ny United Brethren. Miditra ao anatin'izy ireo ny Pentekotista. Ny sisa rehetra amin'izy ireo dia mandrafitra ny tenany. Hitanareo ianareo dia tao, ireo Kananita, manerana ny làlana rehetra ireo fanahin'i Esao, tena mpivavaka, nanambatra ny tenany

tamin'izao tontolo izao; tsy fahazoana ara-panahy, tsy afaka handresy, tsy nofidian'Andriamanitra, mba hantsoina hivoaka sy ho voasaraka.

222 Oh, raha afaka nampahafantatra an'izany fotsiny mantsy aho, amin'izay raha afaka hampiditra an'izany amin'ny fomba iray! Tsy hitan'izy ireo izany. Manana maso izy ireo fa tsy afaka mahita, sofina fa tsy afaka mandre. Oh, nahoana isika no tena votsa Fanahy? Ankehitriny, henoy ity. Eo amin'ny fiafarana ny zavatra rehetra.

223 Ary eo amin'ny Fiafarany ilay Fiangonana ara-panahy. Tonga eo amin'ny fiafarana Izy. O Andriamanitra! Jereo ny tany aoriana tany rehefa nanomboka tamin'i Luther Izy, nanozongozona, ilay ara-panahy. Avy eo niaraka tamin'i Wesley, tonga teo amin'ny fanamasinana. Avy eo niaraka tamin'ny Pentekosta, ny Fanahy Masina. Ary ankehitriny eo amin'ny andro farany, ny Fanahin'i Kristy tena ao anatin'ilay Fiangonana, manao an'ireo asa iray ihany izay Nataony Izy, miverina eo amin'Ny Lohany avy hatrany indray; vonona mba hampiray an'ilay Fiangonana sy Kristy, ary ny Fihavian'ny Tompo Jesosy, sy ny fitsanganan'ny maty. Eo amin'ny andro farany isika. Jesosy no niteny an'izany, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Sodoma, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona." Azonareo ve izany?

224 Jereo ilay fiangonana ara-nofo. Jereo hoe mandeha mankaiza izy ireo, lavitra kokoa sy lavitra kokoa hatrany.

225 Jereo ilay Fiangonana feno ny Fanahy, manaisotra ny Hadalany kely rehetra, miakatra ao amin'ny Fanahy, (ao amin'ny havitsiana, mazava ho azy), miditra ao amin'ny Fanahy, saingy tonga ao amin'ny toerana iray hany ka tonga eo amin'izay misy ny Fanahy Masina mihetsika avy hatrany amin'ny Alàlany Izy, mitady ny Làlany, vonona ny handray ny Tompony, vonona ny handray ny Tompony.

226 Fa ny sisa amin'izy ireo dia nandrafitra, mandeha miverina mankany amin'izao tontolo izao, nisaraka, niverina nankao amin'ny federasiona, mipetraka ao anatin'io loha lehibe anankiray an'ny federasiona io eo ambanin'ny Katolisisma. "Ary nisy sary iray natao ho an'ny bibidia." *Sary* iray, "zavatra mitovy aminy." Federasiona iray an'ny fiangonana natao niaraka tamin'ny Katolisisma, ireo roa miaraka, miasa miaraka. "Iza no afaka hiady amin'ny bibidia na ny sariny?" Tsia tokoa. Toy ny ahoana no ahafahantsika mahavita an'izany mandritr'ireo ora!

227 Ankehitriny dia mamelà ahy hilaza an'ity aminareo, ary avy eo dia ho fotoana famaranana. Ilay izy dia izaho efa... Niteny taminareo aho fa ho lava ilay izy. Izaho—mahatsapa ho tena maradratra fotsiny aho. Rehefa nilaza an'ireo zavatra ireo mihitsy aza Andriamanitra, nanao hoe, "Teneno amin'izy ireo. Resaho izany. Aza mihazona ny filaminanao intsony.

Aseho amin'izy ireo Izany. Raha tsy mandray an'Izany izy ireo, amin'izay fotoana izay dia tsy eo an-tànanao ny rà." Eto ilay ora. Ilay fotoana, mifarana izany rehetra izany.

228 Eo amin'ny fiafarany izao tontolo izao. Tsy afaka haharitra intsony izy. Eo amin'ny fiafarany ireo ady. Tsy afaka hanana ady intsony ianareo. Raha manana ady ianareo, izany dia tsy; ilay olona voalohany fotsiny no misintona an'ilay fanapihana, dia izay no izy. Politika, lò sy simba izany.

229 Ny tontolon'ny fiangonana dia Metodista, Batista, Presbyterana, Pentekotista. "Izany no kisoa mankany amin'ny fotany, alika mankany amin'ny lòany." Marina izany, ny tsirairay avy amin'izy ireo! Andriamanitra dia miantso, avy amin'io fahalòvana io, Fiangonana iray izay voafidy. Marina tokoa izany. Esao, hoy izy ireo hoe, "Izahay no fiangonana!" Tsy misalasala an'izany aho. Jakoba dia rain'i Esao, ihany koa, marina izany, noho izany, saingy—saingy . . . Ny tiako lazaina, Isaka dia rain'i Esao, ary Jakoba no rahalahiny, niaraka taminy. Fa ny anankiray nahazo an'ilay fizokiana ho valisoa; ilay iray hafa nankahala an'izany. Ny anankiray nandre, nanaiky, ary nihetsika. Ilay iray hafa nanao hoe, "Oh, raha mbola mandeha mankany am-piangonana foana aho ka manao izay tsara, dia inona no fahasamihafana ataon'izany?" Eo ianareo izao. Ankehitriny ao . . .

230 Milaza an'ity aho avy eo, eo am-pamaranana, ity fanamarihana anankiray amboniny ity. Manana betsaka ivelomana ilay tena Fiangonana ankehitriny. Oh, tokony hisy tena fotoan-jobily iray ho an'ilay tena Fiangonana, ho an'ilay Fiangonana marina, ho an'ilay Fiangonana voafidy, rehefa fantatrareo ao am-ponareo fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo; rehefa mijery ny tenanareo ianareo ka mahita, mandinika ny fiainanareo ka mahita fa efa lasa ny zavatra rehetra an'izao tontolo izao, dia lasa olom-baovao iray ianareo. Henoy ankehitriny, eo am-pamaranana, tsara mihitsy. Fantatrareo fa efa tafafindra ianareo, ny fiainanareo no manaporofo an'izany, "Amin'ny voany no hahafantaranareo azy ireny." Ny tanjonareo manontolo dia Kristy. Miandry Azy ho tonga amin'ny minitra rehetra ianareo. Mandeha ao amin'ny Fanahy ianareo. Tianareo Izy. Mahita Azy miasa amin'ny alàlanareo ianareo. Tsy misy na inona na inona irianareo hatao, fa Ataony fotsiny izany, ny Tenany. Oh, fotoana iray toy ny inona!

231 Mampahatsiahy ahy an'ilay artista izay nandeha nankany Roma izany, mba hianatra ny ho artista iray, lehilahy tanora iray. Nahamarika azy izy ireo. Tena hafa amin'ireo zazalahy sy zazavavy Amerikana hafa rehetra izy, sy ireo zavatra izay nandehanan'izy ireo tany mba ho artista, ary avy amin'ny sisa amin'izao tontolo izao. Niavaka ity lehilahy tanora iray ity. Lehilahy iray mahafinaritra izy, ka nahamarika izy ireo. Nanana

fety goavana be izy ireo, ary nandeha teo ka, ahoana no ataon'izy ireo tao Roma, mamo fotsiny arak'izay maha-izy azy ireo.

232 Efa tany aho, ny tenako, ary nahita azy ireo. Mivoaka eny an-dàlambe, ireo lehilahy sy vehivavy, ary manao hadalana. Na dia ao anatin'ireo valan-javaboahary aza, dia manao resaka firaisana mihitsy ao anatin'ilay valan-javaboahary, miharihary mihitsy, tsy miraharaha; Angletera, ihany koa, ny sisa rehetra amin'izy ireo. Hitanareo? Tsy ratsy loatra noho ny eto izany. Ilay zavatra iray ihany eto mihitsy, tena ratsy mihitsy; fa izao fotsiny, manafina kely fotsiny an'izany eto, nohon'ny polisy sy ny sisa. Ankehitriny, saingy mahatsiravina fotsiny!

233 Eny, ity lehilahy tanora anankiray ity, nihazona ny tenany lavitra an'izany rehetra izany izy. Rehefa mandeha any amin'ny fetiny izy ireo, dia avelany handeha izy ireo, saingy izy kosa dia nianatra mba ho artista iray. Noho izany, indray andro ny mpiambina antitra iray, izay Kristiana iray izay teo amin'ny manodidina an'ilay—ilay tranom-bakoka, ilay galerian'ny zava-kanto, hoy izy hoe—hoy izy hoe, "Ndao isika hitsangatsangana kely, anaka. Ndao isika hitsangatsangana, te-hiresaka aminao vetivety aho."

Hoy izy hoe, "Eny àry."

234 Noho izany dia nandeha izy ireo, niakatra havoana iray, ary izy roa samy nanao ny tànany taoriany, niakatra an'ilay havoana. Teo am-pilentehana ny masoandro. Ary noho izany dia nilaza tamin'ilay artista tanora ilay lehilahy antitra, hoy izy hoe, "Anaka, Amerikana iray ianao."

Hoy izy hoe, "Izany aho."

235 Hoy izy hoe, "Tonga eto ianao mba hanao ny fianaranao ao amin'ny zava-kanto. Ataoko fa mikasa hanao ny asan'ny fiainanao ho artista iray ianao."

Hoy izy hoe, "Mikasa hanao an'izany aho, tompoko."

Hoy izy, "Hitako fa Kristiana iray ianao."

Hoy izy hoe, "Kristiana iray aho."

236 Hoy izy hoe, "Eny, misy zavatra anankiray izay tiako anontaniana anao. Efa nanontaniako ireo hafa. Milaza izy ireo fa izy ireo dia Kristiana, ihany koa." Hoy izy hoe, "Inona no manao anao ho tena hafa? Inona no manao anao ho samihafa amin'ny sisa amin'ireo zazalahy avy any Amerika ireo, sy ireo zazavavy avy any Amerika ireo? Inona no manao anao ho tena hafa, kanefa ianareo rehetra dia milaza fa ianareo dia 'Kristiana'?"

Hoy izy hoe, "Tompoko, hitanao ve ny fomba izay ilentehan'io masoandro io?"

Hoy izy hoe, "Hitako."

237 Hoy izy hoe, "Any am-pitan'ny ranomasimbe lavitra any, ao amin'ny fanjakana anankiray any New England, ao amin'ny

tanàna anankiray ao amin'io fanjakana io, ary ao amin'ny trano anankiray ao amin'io tanàna io, misy zazavavy anankiray izay nampanantenaiko fa hiainako mahatoky." Hoy izy hoe, "Izany ihany no ao an-tsaiko, ny hanao ny fianarako zava-kanto dia hiverina hankany amin'io zazavavy izay miaina mahatoky amiko io." Hoy izy hoe, "Tahaka an'izany no iainako an'izay ataoko."

238 Oh, rahalahy, ranabavy, mety manontany ianareo hoe nahoana isika no tsy miraharaha an'izay iantsoan'izy ireo antsika. Tsy ahoako izay lazain'izy ireo.

239 Nitsangana niaraka tamin'i Fred aho indray andro, tany San Juan, Puerto Rico, nijery ny tany am-pitan'ny ranomasina, ary nahamarika, an'ilay haran-dranomasina, antsasaky ny maily iray, ireo onja goavana mitresaka. Hoy izy . . . Nandeha teo an-jaridaina ireo voron-dranomasina, sy ny sisa. Hoy aho . . . Hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, tahaka ny Lanitra ity."

240 Hoy aho hoe, "Saingy ho tony ny ranomasina any, rahalahy." Hoy aho hoe, "Any am-pitan'ny ranomasina any mihitsy, dia misy toerana iray antsoina hoe Lanitra, misy Olona anankiray antsoina hoe Jesosy, ao anatin'io Lanitra io, ka indray andro dia nanaisotra ny fahotako rehetra Izy. Ary nampanantena Azy aho fa hiaina mahatoky Aminy, hanao an'ireo zavatra izay Tiany hataoko aho. Izany no antony hoe tsy menatra Ny Filazantsarany aho, Izany no Herin'Andriamanitra ho an'ny famonjena." Izany no manao Kristiana iray hiaina hafa. Hafa izy satria manana Zavatra iray hiainana hafa.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny.

241 Ry sakaizako kivy, izao maraina izao, manana zavatra iray hafa hiainana ve ianareo, zavatra hamoaka anareo avy amin'izao tontolo izao, zavatra izay midika be lavitra noho izao tontolo izao aminareo, dia ny hiaina ho an'i Kristy? Raha tsy manana an'izany ianareo, dia nahoana no tsy mandray an'Izany ankehitriny. Aza mandeha any am-piangonana fotsiny ka manao hoe, "Te-ho olona tsara iray aho." Aza manao an'izany. Te-ho Kristiana iray ianareo. Ianareo, raha misy zavatra izay efa tao am-ponareo foana, miteny aminareo hoe, "Tsy mahitsy ianao, nefa te-hahitsy." Efa naniry mafy ny ho zavatra iray foana ianareo izay tsy maha-izy anareo ankehitriny, tsy fantatrareo ve fa Andriamanitra no miantso anareo? Aza itodihana lamosina izany. "Satria raha efa nohazavaina indray mandeha ianareo ka nanana an'ilay fanararaotra, nefa nandà an'izany tamin'ny fotoanareo farany, dia tsy misy fanatitra ho an'ny fahotana intsony tavela." Aza manaraka an'i Esao.

242 Manaraha an'i Jakoba, tsy mampaninona ny . . . tsy mampaninona izay ho vidin'izany aminareo. Raha ny tokantranonareo no vidin'izany, raha ny asanareo no vidin'izany, raha ny vadinareo lahy no vidin'izany, ny vadinareo vavy no vidin'izany, raha ireo zanakareo no vidin'izany, raha ny zavatra

rehetra no vidin'izany, alaivo ilay fizokiana! Izany no mikaonty. Ary raha mahatsapa tahaka an'izany ianareo, izao maraina izao, ka te-hahazo an'io fizokiana io! Tsy afaka manome an'Izany anareo aho. Andriamanitra no afaka, ary Izy no Anankiray izay miresaka aminareo. Hanangana ny tànanareo fotsiny ve ianareo, manaova hoe, "Mivavaha ho ahy, Rahalahy Branham. Io fizokiana io, no ilaiko." Andriamanitra hitahy anareo, manerana hatraiza hatraiza. "Io fizokiana io, no ilaiko."

243 Ry Rainay any An-danitra, misaotra Anao aho, Andriamanitra Mihaja sy Masina Indrindra, nohon'ny Fahatsaranao rehetra sy ny famindrampo ho an'ireo zanakalahy sy zanakavavin'ny olona. Ary fantatray fa eo amin'ny andro farany izahay, tsy misy na inona na inona afaka haharitra ela intsony. Miandry ao anatin'ny fotoana nindramina fotsiny izahay; tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, ilay faharipon'Andriamanitra, rehefa voamboatra ilay sambofiara, rehefa fanahy valo fotsiny ihany no voavonjy. Hoy Ianao hoe, "Ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona. Ny faharipon'Andriamanitra, tsy naniry anankiray ho levona, fa ny rehetra mba ho tonga amin'ny fibebahana."

244 Ary androany ato amin'ity tranobe ity, dia misy lehilahy sy vehivavy nanangana ny tànany, zazalahy sy zazavavy, tanora sy antitra, nanangana ny tànany, ka nanao hoe, "Misy Zavatra manitikitika ahy." O Andriamanitra, enga anie izy ireo tsy handà an'Izany. Enga anie izy ireo hivarotra ny fianarany, enga anie izy ireo hivarotra ny zavatra rehetra izay ananany. Tahaka an'ilay lehilahy izay nahita an'ilay perla lehibe; perla iray niavaka, lehibe izany, izany no perla lehibe indrindra, ary namidiny ny rehetra tamin'ireo keliny, mba ahafahany hividy an'io perla malaza, lehibe io. Enga anie izy ireo hivarotra ny zavatra rehetra izay ananany avy amin'izao tontolo izao, izao maraina izao, ny lazany rehetra avy amin'izao tontolo izao.

245 Ireto vehivavy mipetraka eto ireto, Tompo, maro amin'izy ireo no efa nandre ny Filazantsara voatory imbetsaka mihitsy, nefa mbola manohy mandehandeha ao amin'izao tontolo izao foana, sy manao tahaka an'izao tontolo izao ary miakanjo tahaka an'izao tontolo izao, ka mandeha mankany amin'ireo fety sy ny sisa tahaka an'izao tontolo izao, mandray anjara amin'ireo zavatr'izao tontolo izao ary mihetsika tahaka an'izao tontolo izao, sy mampiasa an'ireo zavatr'izao tontolo izao. O Andriamanitra, enga anie ho menatra izy ireo, izao maraina izao. Raha misy fanantenana iray mihitsy ao anatin'izy ireo, Tompo, dia ovay izany androany. Aoka ho ity no ora.

246 Ary ireto lehilahy eto ireto, Tompo, O Andriamanitra, mamindrà fo amin'izy ireo. Maro amin'izy ireo no mbola mandeha ao anatin'ireo zavatr'izao tontolo izao foana, mbola maniry sy mankasitraka an'ireo zavatr'izao tontolo izao foana, fahotana, mifoka, misotro, fisotroam-pifankatiavana, labiera

kely iray eo amin'ny ilany, na—na zavatra tahaka an'izany, na hitsiriritra, ka manantona sary apetaka kely, an'ireo vehivavy tanora maloto fitafy. Ary ireo vatany izay jeren'izy ireo eny andàlambe, ka saiky avadik'izy ireo ny olona mba hijery azy ireo, miantso ny tenany hoe Kristiana.

Ary mahafantatra fa io bikan'ny vatan'io vehivavy io, ao anatin'ny efatra amby roapolo ora angamba, dia ho lò ao anatin'ny fasana any, ireo bibikely sy kankana no handadilady manerana an'ireo làlan-dràn'ny vatany voamboatra sy vita tsara; ary ny fanahiny any dia ao anatin'ny helon'ny devoly, nohon'ny fomba niainany. Ary, kanefa, hanabontsina an'ireo molony kely, voaloko izy, ka hikanikany sy hihomehy anareo.

247 Andriamanitra, mamindrà fo amin'ireo olona ireo. O Tompo, aza avela ho very izy ireo. Mamindrà fo azafady ka alefaso ny famindrampo. Omeo ny tsirairay avy amin'izy ireo, Tompo. Ianao no Anankiray tokana izay afaka manome an'izany fitahiana izany. Ary raha niantso azy ireo ho amin'ny Fiainana Mandrakizay Ianao, dia enga anie izy ireo hanokatra ny fony; ka hametraka ny zavatra rehetra eny amin'ny sisiny izao maraina izao, ary avy eo dia handray an'izany. Ekeo izany, Ray.

248 Ary ankehitriny dia enga anie hiditra ato amin'ity fivoriana ity ny Fanahy Masina, ho an'ny marary sy ny ory, ka hamela ny olona hahita fa ity Hafatra izay notoriana izao maraina izao ity, hoe eo amin'ny fiafarana ny Fihaviana sy ny zavatra rehetra, ary miasa ao amin'Ny Fiangonany mihitsy aza Jesosy. Aoka hiseho izany izao ankehitriny izao, Tompo, mba Ahafahanao mandray an'ireto vahoaka ireto eo an-Tànanao. Ary rehefa mahita ny Fanahy Masina miasa izy ireo, mihetsika eo anivon'ny olona, dia enga anie izany ho voamarina, ny Hafatra izay notoriako, hoe eo amin'ny andro farany izahay. Ary enga anie izy ireo handre. Nandre izy ireo, ary enga anie izy ireo hanaiky fa io Jesosy iray io ihany, ny fomba izay Nanaovany an'izany tamin'ny Androny, dia eto Izy manao an'izany amin'ny alàlan'Ny Fiangonany amin'ny andro farany. Ary avy eo dia enga anie izy ireo hihetsika, amin'ny fanomezana ny fiainany sy ny vatany, ary ny ainy sy ny fanahiny, ho Azy. Omeko Anao izy ireo, Tompo, amin'ny Anaran'i Jesosy.

249 Ankehitriny, ao anatin'ny tranobe izay misy ny olona, naniraka an'i Billy aho aninkeo maraina mba hizara karatra fangataham-bavaka. Izy . . . [Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.]

250 Marary ve ianao, mila zavatra? Raha hanambara amiko Andriamanitra, tahaka ny Nataony tamin'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana, ka hiteny amiko hoe inona ny olanao, na zavatra mikasika anao, ka fantatrao fa tsy mahafantatra aho, dia hanao anao hanana finoana mba hino an'Andriamanitra ve izany? Hanao ny sisa aminareo hanana finoana ve izany? Izao ve no fotoana voalohany ihaonantsika? [Hoy ilay anabavy hoe,

"Tsia"—Mpand.] Oh, efa nahita ahy ianao tany aloha, saingy vahiny aminao aho. Marina ve izany? Eny àry, enga anie hanaiky ny fangatahanao ny Tompo Andriamanitra.

251 Ankehitriny, tena misy ilay izy, sa tsy izany? Oh, oadray! Antsoy ny fivavahanareo ara-tsaina. "Bala," hoy izy, "aiza izy?" Elia teo an-Tendrombohitra Karmela, hoy izy, "Aiza i Bala? Aiza? Fohazo izy." Tsy mila mamoha an'i Jesosy ianareo. Mifoha foana Izy. Manatrika foana Izy, velona mandrakariva, afaka mandrakariva; ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Amena. Andriamanitra dia mijanona ho Andriamanitra.

252 Mino ve ianao fa hiala aminao ny aretim-ponao ka ho salama ianao? Tsy avy eto ianao. Miverena any Lexington ka teneno amin'ny olona hoe zavatra lehibe toy ny inona no nataon'ny Tompo ho anao. Hitanao?

253 Mandalo eo an-tampon'ny lohan'ny olona izany, fa tsy hahita an'izany mihitsy. Ny Fiangonana velona iray no handramby an'izany, haingana mihitsy, ka hahafantatra fa eto ny Fanatrehan'ny Fanahy Masina.

254 Nisy olona iray teto aoriana teto nanangana ny tànany. Ianao ve ilay izy, ramatoa? Mino ve ianao fa afaka miteny amiko ny olanao Andriamanitra? Ilay antitra . . .

255 Ilay rahalahy teny amin'ny farany, mino aho fa izy no nilaza, vao teo, an'izany. Mino ve ianao, rahalahy? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Eny."—Mpand.] Mino ve ianao? Noho izany dia hiala aminao io aretin-koditra io, ho mety tsara ianao. Mino an'izany ve ianao? Manaiky ve ianao fa sitrana izany? Atsangano ny tànanao, manaiky ianao. Hitanao? Ah-hah. Eny àry. Vahiny amiko izy. Fantatrao izany, ry Pat.

256 Ramatoa iray mijery ahy eo, mivavaka, mijery ahy, nilaza fa vahiny iray izy. Mino ve ianao fa hiala aminao ilay tosi-drà avo? Marina izany, sa tsy izany? Atsangano ny tànanao raha marina izany. Eny àry, manàna finoana an'Andriamanitra.

Hitanao ve izay tiako lazaina?

257 Ahoana ny amin'ny sasany aminareo izay mahafantatra ahy? Manana zavatra ianareo ao am-ponareo. Atsangano ny tànanareo. Maro aminareo! Tsy afaka manao an'ilay izy aho; tsy maintsy ho tonga fotsiny Izany. Fantatrareo, ny finoanareo izany.

258 Georgie Bruce, mahita azy mipetraka eo aho. Miezaka foana ianao ny hahita zavatra ho an'ny olona iray, Georgie. Efa sitrana ianao, tamin'ny homamiadana iray. Tsy misy fanontaniana ao an-tsainao. Tamin'ny andro nahatongavanao tato amin'ity tabernakla ity ka nandeha teo amin'io varavarana eo io ianao, dia tonga teo amiko ny Fanahy Masina, ka niteny taminao teo mihitsy ny fihetsika iray izay tsy nisy olona teto amin'izao tontolo izao nahafantatra afa-tsy ianao sy Andriamanitra ary

olona hafa iray. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Marina izany. Mino ahy ianao, sa tsy izany, Georgie? Manana zavatra ianao ao am-ponao, Georgie. Mino ve ianao fa afaka miteny amiko an'izay ao am-ponao Andriamanitra?

Hanao ny sisa aminareo, olona izay mahafantatra ahy, hino ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

259 Fantatro i Georgie, saingy mieritreritra zavatra iray izy. Manana olona roa izy, izay lavitra avy eto, izay ivavahany. Izy roa ireo dia mipetraka any Corydon. Marina izany. Ary manana olona iray izy eto, lehilahy iray izay ivavahany, izay any amin'ny hopitaly. Ary mivavaka ianao, tsy dia ho an'ny fahasitranany loatra, fa ny famonjena ny fanahiny. Izany no HOY NY TOMPO HOE. Marina izany. Marina ve izany, Georgie? Marina tokoa izany.

260 Olona iray tery aoriana nanangana ny tànany, any amin'ny farany aoriana, any aoriana. Ianao, ahoana ny aminao? Nanangana ny tànanao ve ianao, vahiny amiko ianao? Ity lehilahy mipetraka eto mijery ahy ity, tsy mahafantatra anao aho. Mino ahy ho mpaminanin'Andriamanitra ve ianao, mpanompon'Andriamanitra? Mino ve ianao fa ny Fanahy Masina, izay noteneniko dia ny Fahamarinana? Mino an'Izany ve ianao? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Eny."—Mpand.] Raha hino ianao, ianao dia tratry ny fo- . . . izay ihany ny zavatra anananao, satria mijaly amin'ny homamiadana ianao. Marina izany. Tsy avy eto amin'ity tanàna ity ianao. Avy any New Albany ianao. Marina izany. Ary tratry ny homamiadana ianao. Raha hino amin'ny fonao rehetra ianao, dia ho salama. Hanaiky an'izany ve ianao? Atsangano ny tànanao. Isaorana anie ny Tompo.

261 Mino aho, fa io vehivavy miaraka amin'ny satroka fotsy manodidina ny lohany eo io, ramatoa mainty hoditra, dia nanangana ny tànany. Tsy mbola nanana olona mainty hoditra mihitsy aho. Mino ve ianao, ramatoa? Eny àry, tompoko, minoa amin'ny fonao rehetra. Tratry ny aretim-po ianao, aretim-bavony, fahasarotana. Nisy olona nitondra anao teto izao maraina izao. HOY NY TOMPO HOE. Marina izany, sa tsy izany, ramatoa? Raha marina izany, dia ahofahofaho iny mosara izay anananao eo an-tànanao iny, mba hahitan'ny olona. Tsy mbola nahita an'ilay vehivavy mihitsy aho teo amin'ny fiainako.

262 Nanangana ny tànanao ve ianao? Vahiny aminao ve aho? Ary ianao dia vahiny amiko. Mino ve ianao fa Andriamanitra dia mahafantatra ahy, na Andriamanitra dia mahafantatra anao? Mino ve ianao fa afaka miteny amiko an'izay ao am-ponao Izy? Mivavaka ho an'ny olona iray ianao. Ny rainao izany, tratry ny aretim-po. Marina izany. Ary mitady ny batisan'ny Fanahy Masina ianao. HOY NY TOMPO HOE.

Raha mety mino ianao!

263 Ahoana ny amin'ilay ramatoa kely miaraka amin'ny tànany mitsangana tahaka an'*izao,* mino ve ianao? Ny aretinao dia io tandimerina eo amin'ny tànanao io. Fa mivavaka ho an'ny zafikely iray ianao. Marina izany. Tsy ara-dalàna io ankizy io. Marina izany. Sa tsy izany, ramatoa? Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao, ho an'izany.

Rehefa nilaza aho hoe, "ankizy." Andraso iray minitra. Oh, eo ianao izao. Tratry ny lozam-piarakodia ny zanakalahinao; mandringa. Tsy mahafantatra anao aho, ramatoa, saingy marina izany. Raha marina izany, dia atsangano ny tànanao.

264 Ankehitriny, Iza no eto? Iza Izany? Tsy izaho Izany. Ahoana ho ahafahako hanao an'izany? Aoka tsy ho ngoly amin'ny Fanahy, ireo zavatra Ara-panahy. Izany no Andriamanitra eto! Io Fanahy Masina izay ilainao io, mino an'Izany ve ianao ankehitriny? Mino an'Izany ve ianao ankehitriny? Eny àry, noho izany dia raiso Izany ankehitriny. Izao no fotoana handraisana an'Izany. Minoa amin'ny fonao rehetra.

265 Ianareo izay marary na mila zavatra. Tsy afaka manasitrana aho. Tsy misy olona afaka manasitrana. Tsy afaka manome ny Fanahy Masina aho. Fa ilay Anankiray izay afaka manasitrana sy manome ny Fanahy Masina, eto Izy. Izy no Anankiray Izay manao an'izany.

266 Ankehitriny aondreho ny lohanareo. Minoa izao ankehitriny izao, raha mivavaka ho anareo sy ireto mosara ireto aho.

267 Ry Rainay any An-danitra, araka ny fantatro, dia nahavita ny olona rehetra izay vahiny aho, araka ny nahatsapako ny tenako niha-malemy ka tsy mahazaka; nahatsapa ho voatarika hoe izao no fotoana angamba izay nahitan'ilay Voafidy. Enga anie ny isan'isany sy ny tsirairay avy amin'izy ireo, Tompo, izay nantsoina sy navela mba ho voaantson'Ny Fanahinao; zavatra iray, ny finoan'izy ireo, izy ireo dia nanana finoana mihoatra lavitra (ny sasany amin'izy ireo) noho izay heverin'izy ireo fa nananany. Manomboka fotsiny izy ireo ao am-pony.

268 Ary ilay vehivavy izay nikasika ny Akanjony indray mandeha rehefa nandalo Izy, ka nitodika Izy ary nanao hoe, "Iza no nikasika Ahy?"

Dia hoy izy ireo hoe, "Eny, ny olona rehetra dia nikasika Anao."

269 Hoy Izy hoe, "Saingy Hitako fa lasa malemy Aho." Dia Hitany ilay vehivavy kely ka niteny taminy fa tratry ny fitsihadrà izy, ka ny finoany no nanasitrana azy.

270 Ary ny Baiboly no nilaza, fa, "Izy dia mbola Mpisoronabe iray foana, androany, izay azo kasihan'ny fahatsapan'ny fahalementsika." Hoy ny Soratra hoe, "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Ary raha Izy no tsy miova, ary

ilay Mpisoronabe tsy miova, dia hihetsika mitovy sy hanao mitovy Izy.

271 Ary enga anie ny olona hahita fa ilay Fiangonana feno ny Fanahy dia tonga eo amin'ny loha iray. Vonona ny ho avy Kristy ka haka Ny Fiangonany. Ireo Famantarany farany, tahaka ny tamin'ny andron'i Sodoma; Izay niteny, nahafantatra an'i Saraha, ary nahafantatra fa nanana vady iray izy nantsoina hoe Saraha, nahafantatra azy nihomehy tao anatin'ny tranolay; hoy Izy hoe, "Ho famantarana iray izany. Rehefa mahita an'izany ianareo, dia tsarovy, tsy ho tapitra izany taranaka izany mandrapahatanteraky ny rehetra." Eto izany. Eo amin'ny farany izahay.

272 Ekeo, Tompo, mba ahafantaran'ny olona marary tsirairay ato fa manatrika ilay Jesosy Kristy velona. Enga anie ireto mosara ireto ho voatahy ho an'ny vatana marary tsirairay izay handehanan'izy ireo. Manameloka ny devoly aho, ho an'ny olona. Mandroaka azy aho, amin'ny alàlan'ny Fanahin'Andriamanitra, amin'ny finoana, mandroaka ny aloky ny fisalasalana rehetra aho. Enga anie ny olona tsirairay eto, izay voalahatra ho amin'ny Fiainana Mandrakizay, handray an'Izany amin'ity ora ity. Enga anie ny finoanoam-poana rehetra, ny hetaheta kely tsirairay, ny zavatra kely tsirairay an'izao tontolo izao, ny mavesatra kely tsirairay, araka ny nolazain'ny Baiboly hoe, "Ndao isika hanaisotra ny mavesatra rehetra, sy ny fahotana izay mora mahazo antsika; mba ahafahantsika mihazakazaka, am-paharetana, an'ilay hazakazaka izay napetraka eo anoloantsika; mijery" (mankany amin'ny inona? mankany amin'ny fiangonana ve? mankany amin'ny rafipandaminana ve?) "mankany amin'ilay Mpanao sy Mpanefa ny finoantsika," izay eto ankehitriny, "Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra." Mijery mankany Aminy Izay. . . Tsy mila maka an'ireo teny izay fantatray fa marina izahay, kanefa ireny Teny ireny dia natao ho misy aminay izao maraina izao. Io Jesosy iray ihany izay maty io, dia tsy maty, nitsangana indray Izy, ary roa arivo taona aty aoriana dia mitondra Ny Fiangonany eo amin'ny loha iray Izy. Ny fanahin'i Jodasy no miasa eo anivon'izy ireo. Fa enga anie izy ireo hanaisotra ny vato manafintohina tsirairay sy ny zavatra rehetra, amin'ity ora ity, ka handray Azy.

273 Enga anie izy ireo handre, izay norenesin'izy ireo, tamin'ny alàlan'ny toriteny. Enga anie izy ireo hanaiky ankehitriny fa ireo tena Teny izay ren'izy ireo mihitsy dia tonga voaseho, ka hanaiky an'Izany izy ireo, hoe Kristy Izany. Ary enga anie hihetsika izy ireo ankehitriny, hihetsika eo amin'Izany: handray an'Izany, ary hitsangana amin'ny tongony, hijoro vavolombelona; ka hiditra ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra, satria feno ny Fanahy Masina.

274 Enga anie ho sitrana ny marary. Enga anie ho sitrana ny ory. Enga anie ho tanteraka ny fanirian'ny fo tsirairay. Ekeo izany, Andriamanitra Tsitoha.

275 Ankehitriny miaraka amin'ny lohanareo miondrika, ny fonareo misokatra, omeo vanim-potoana iray ho an'ny vavaka fotsiny ny tenanareo; mialoha indrindra, heveriko, ny hahatongavan'ny fotoan'ny batisa, mialoha an'izany indrindra. Hisy fotoana iray hafa rahariva.

276 Ankehitriny, tsarovy, aza avela handalo izao fanararaotra izao. Efa teto aho nandritry ny ora roa sy sasany ankehitriny, na mihoatra, niezaka ny naka ny fotoako fotsiny, ary nitondra ny Filazantsara, ka nametraka an'Izany tanteraka fotsiny mihitsy. Noho izany dia tonga eo amin'ny farany isika. Ary ilay tena lahateny: mandre, manaiky, mihetsika. Aza avela handalo eo ambonin'ny lohanareo izany. Efa nandre an'Izany ianareo. Manaiky ve ianareo fa eto Ny Fanatrehany? Fantatrareo ve fa Izy No miantso anareo? Noho izany dia mihetseha eo amin'Izany. Homba anareo anie Andriamanitra. Manàna vanim-potoana iray an'ny vavaka.

277 Rahalahy Neville, avia ianao, kely fotsiny, ao amin'ny vavaka, raha ho avy eto ianao.

Atsangano fotsiny izy.

Mandre, Manaiky, Mihetsika Eo
Amin'Ny Tenin'Andriamanitra MAG60-0221
(Hearing, Recognizing, Acting On The Word Of God)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady maraina, 21 Febroary, 1960, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2021 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org